AMBOHIDRATRIMO 4

# FATIM-BEHIVAVY HITA TEO AKAIKIN' NY FASANA NANDEVENANA AZY


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

**Laharana 7828** Taona faha-25 **Vidiny : 500 Ariary** Gazety mivoaka isan'andro Zoma 22 martsa 2024



MARINA IZANY ! 6

## MIFAMAHOFAHO ...!

IZY NO IZY 9

RANAIVO RAKOTOBE JOHARY SITRAKA

## TIA MIZARA TOROHEVITRA AMIN'NY MANODIDINA



ANTENIMIERAN'NY RAIAMANDRENY ARA-DRAZANA (ARFM) 6

# NAHAZO TEHAMAINA SY ANATRA TAMIN' NY FILOHAN'NY ANTENIMIERANDOHOLONA



BOOST SY JWKS ARY MEICK 3

## HAMPITSINJAKA SADY HAMPI-LALAO ENY ANDAKANA

FONDATION MOHAMMED VI DES OULEMA AFRICAINS 10



## NISANTATRA ASA SOA TENY TALATAMATY OMALY

KARAMA FARANY AMBANY - SEHATRA TSY MIANKINA 8

# HIHATRA AMIN'ITY VOLANA ITY NY FAMPIAKARANA 10 ISANJATO

LALAO AFRIKANINA 2024 16

"RUGBY À VII VEHIVAVY"

## VOTSOTRA NY MEDALY VOLAMENA




Lalaon-tsaina "echec"

# Atsimondrano no hampiantrano ny fiadiana ny tompondakan'Analamanga

*Ankizy sy tanora 150 avy amin'ny klioba 23 mandrafitra ny ligin'Analamanga no andrasana.*



**Miezaka amin'ny fikarakrana lalao ny ligin'Analamanga tarhin'ny filohany, Jean Michel Randrianasolo.**

Mitombo ny fitiavan'ny tanora ny lalaon-tsaina “echec” raha ny eto amin'ny ligin'Analamanga ka anisan'ny voasarika amin'izany ny ankizy sy ny tanora. Tsy ampy loatra anefa ny lalao ahafahana manovo ny traikefa sy manatevina ny fahaizamanao noho ny antony maro samihafa. Miezaka ihany ny ligin'Analamanga, tarihin'ny filohany, Jean Michel Randrianasolo, amin'ny fikarakarana fihaonana. Hanokatra ny fifaninana hiadiana izay ho tompondaka 2024 eto amin'ny faritra Analamanga izy ireo ka ny disitrikan'Atsimondrano no hampiantrano izany ny 29 sy 30 marsa izao ao amin'ny Akany Tsy foina Antanimenakely , Ansizato andrefana, no hanatanterahana azy. Ny ankizy sy tanora lahy sy vavy eo analenelan'ny 6 ka hatramin'ny 18 taona no handray anjara amin'izany. Ho an'ny lehilahy aloha dia “Open” no endrika hitondrana ny fifaninanana. Mizara sokajy 3 kosa izany ho an'ny vehivavy, dia ny sokajy “U8-U10”, “U12-U14”, “U16-U18”. Araka ny fanazavan'i Hanitra Andriamanatsoa, mpikambana eo anivon'ny ligin' Analamanga, dia efa nisokatra tamin'ny fiandohan'ny volana marsa ny fisoratana anarana. Tapitra ny 20 marsa teo ny fihenam-bidy, fa ho an'ireo izay mbola tsy nahavita kosa dia amin'ny 27 marsa ny farany. Nomarhin'i Hanitra Andriamanantsoa fa ireo klioba ara-dalàna voasoratra anaty registitry ny Ligin'Analamanga ihany no afaka mandray anjara amin'ity lalao ity”. Hatreto aloha raha tsy nisy ny fiovana dia 23 ny isan'ireo klioba voasoratra anarana eo anivaon' ny ligin'Analamanga.

**Mpilalao 150 no andrasana**

Mpilalao 100 ka hatramin'ny 150 eo no andarasana amin' ity fiadiana izay ho tompondakan'Alamanga 2024 ity. Fara fahakeliny izany dia latabatra tsy latsaky ny 75 no hilalaovana. Araka ny fanazavana hatrany dia misy fihodinana 6 ny fifaninana, ka izay mahazo isa ambony amin'ireo fihaonana 6 ireo no hibata ny amboara. Mandrita ireo fihodinana 6 ireo dia “60 minitra in-2 miampy 30 segondra” ny raikipohy hitondra ny fifaninana. Izay 3 nahazo isa betsaka indrindra isaky ny sokajy no handray loka ka hisy ny amboara lehibe iray, maripankasitrahana sy fanomeza avy amin'ny mpanohana, ary medaly volamena no hatolotra ny tompon-daka, medaly volafotsy sy amboara sy loka hafa no atolotra ny faharoa, ary medaly alimo sy fanomezana hafa no hatolotra ny laharana faha-3. Ny solombavambahokan'i Madagasikara voafidy teny Atsimondrano moa no raiamandreny mpiahy ity fifaninana ity.

**Tiaray R**

Drwina sy Bolo

# Hiray sehatra eny Ampasanimalo



**Akostika kokoa ny endrika hitondran'i Drwina sy Bolo ny fampisehoana anio.**

Tonga ny fotoana nandrasan'ny maro hatramin' izay mikasika ny fampisehoana iarahan'i Drwina sy Bolo. Anio hanomboka amin'ny 8 ora alina, eny amin'ny La Teinturerie - Is'Art Ampasanimalo no hihaonan' izy mirahaly amin'ny mpankafy. Tsy zoviana amin'ny maro intsony i Drwina sy ny “Antsalegy” sy ny mozika nampamirapiratra azy, ivoizany ny mozika nentim-paharazana salegy avy any amin'iny faritra avaratra iny. Hita taratra ihany anefa ny gadona reggae sy ny Rap niangaliany taloha. Santionany amin'ny hira hatolony ny mpankafy anio ilay hoe “Vy be”, “Hiditry laligny” ary “Antsalegy”. Ankilany, i Bolo, hitondra ny vazo miteny miaro Reggea sy Rap ihany koa. Akostika kokoa ny endrika hitondran'izy roa lahy ity fampisehoana ity. Anisan'ny antony nahatonga ny mpikarakara hampiray sehatra azy roa lahy ireto ny gadon-kirany sy ny fahasahiany mamoaka ny zava-misy eny amin'ny fiaraha-monina anaty tononkirany. Anisan'ny hira nalahatr'i Bolo ho an'ny mpankafy anio ilay hirany hoe “Kompozé”, “Ravintoto”. Fa hoentiny ao ihany koa ireo hira efa nahafantarana azy hatramin'izay. Tsy ho diso fanentanana izay hijery ny fampisehoana anio sady tsy misy vidim-pidirana io fa maimaim-poana.

**Tiaray R**

## Zoma manifika

### Rija Ramanantoanina, Mahery, Luk,

**Hifamotoana amin'ny mpankafy etsy Behoririka**



Mpanakanto manana ny maha izy azy eo amin'ny fampiaraham-peo i Mahery, Luk, Rija Ramanantoanina. Hitondra seho miavaka etsy Piment Café Behoririka, izy telo lahy anio hanomboka amin'ny 8 ora sy sasany alina. Ireo hira tsy tontan'ny ela, nalaza tamin'ny taona 60, 70, 80, 90 no hoentin'izy ireo ho an'ny mpankafy amin'io fotoana io. Tsy hohadinoin'izy ireo ihany koa anefa ireo hira nampihetsi-po hatramin'ny ataona 2000 no mankaty. Hanome tsiro ny fiarahana ihany ny hiangalian'izy telo lahy ireo hiran'ny Rija Ramanantoanina fantatry ny maro hatramin'izay.

### Njara Marcel

**Hifampizara sehatra amin'i Nanie eny Fenoarivo**



Anisan'ny fampisehoana hiavaka amin'ity anio ity io ny seho iarahan'i Nanie sy Njara Marcel eny amin'ny toerampilanonana sady fialam-boly « Misy ny tsara » eny Fenoarivo. Fotoana iray hizaran'izy ireo ny tsara avy any aminy mba hahafahana manala vokona noho ny rotorotonn'ny asa nandritra ny herinandro sady ho fanomanana ihany koa ny herinandro vaovao. Hanomboka amin'ny 7 ora hariva ny fotoana saingy tsara ihany ny fahatongavana mialoha mba hahafahana misafidy izay toerana tsara.

### Regi

**Hitondra ny kantony eny amin'ny Jao's Pub**



" Paradisako " ! io no lohhevitra entin'i Regi manamarika ny fampisehoana hataony eny amin'ny Jao's Pub eny Ambohipo, anio amin'ny 9 ora alina. Fampisehoana hatolony amin'ny mpankafy azy eto Antananarivo sy ny mnodidina io. Hoentiny ao daholo ireo hira nahafantarana azy, toy ilay hira hoe " Vahiny ", " Efa nitiavan'ny sasany ", " Hisoma Baly ", sy ny maro hafa. Vonona ny hanome hafanana sy tsiky ary hafaliana ny mpankafy sy ny mpanjifa i Regi anio alina, miaraka amin'ny mpitendriny sy ny mpandihiny.

**Nangonin'i Tiaray R**

# Tafa....sika

Lola

## " Rehefa hajaina sy apetraka amin'ny toerany ny asa dia mahavelona na hoe mpihira aza "



***Gazetiko** : Anisan'ny artista mihodina be indrindra ianao amin'izao. Hatramin' ny fiandohan'ny taona ohatra ny mahita an'i Lola miaka-tsehatra hatrany. Inona no tsiambaratelon'ilay fahombiazana ? Manana “manager” ve ianao ? Manana olona mikarakara ny pejy sy ny kaonty fesibokinao ve ?

**Lola :** « *Tsiambaratelo ! Nilomano tanteraka tao anatin'ny mozika hatramin'ny fahazazana. Nihira ireo karaza- mozika rehetra manerana izao tontolo izao. Nanana “manager” aho taloha, indrindra tao anatin' ny 10 taona voalohany. Fa taty aoriana, nony efa sarotra ny fiainana dia nataonay ihany izany ! Izahay ato antrano ihany no miaraka mikirakira ny pejy fesiboky.* »

**Gazetiko :** Ohatra ny fampisehoana foana no malaza ao anatin'ny pejinao. Angaha tsy hamoaka hira vaovao ? Inona no gadon-kira mbola tsy nataonao mihitsy ary tsy hataonao mihitsy ihany koa ?

**Lola** : « *Fampisehoana no malaza. Ny hira vaovao aloha ! tsy dia mamorona firy intsony aho, satria efa be loatra no efa navoaka. Izahay efa manomboka ilay antsoina hoe « légende » dia tsy raharahain'ny olona ny hira vaovao, fa ireny efa malaza taloha ireny foana no tadiaviny isaky ny miaka-tsehatra. Ny gadona rehetra efa saika nataoko daholo, fa ny rap no tsy mbola nataoko ary tsy hataoko mihitsy.* »

**Gazetiko** : Azonao tantaraina ve hoe ahoana no nahatonga anao ho lasa mpihira ? Mahavelona ve ny mihira ? Ianao ve manana asa hafa ankoatra ny mihira ?

**Lola :** « *Taranaka mpanakanto aho. Ny dadabeako tamin'ny fotoan'andro mpitendry angorodao mitety tanàna mihitsy. Noho izany, efa mikoriana ao anaty ihany koa ilay izy. Nisy zavamaneno rahateo dia lasa nirona nakany.*

*Ohatra ny asa rehetra ny mihira. Rehefa hajaina sy apetraka amin'ny toerana ary asiana lanjany io dia mahavelona ihany. Tsy hita hoe tena mahavelona be ohatrany ahoana fa mba mitovy amin'ny olona e ! Tsy manana asa ankoatra an'io mihira io aho, dia manodidina an'io ihany angamba, ohatra hoe resaka fitaterana. Ao anatin'izany ny fiara hoentinay mitety faritra.* »

**Gazetiko** : Ianao daholo ve no mamorona ireny hiranao ireny ? Firy izany izao ny hiran'i Lola ? Inona ny gadon-kira tena manavanana anao ? Hira ohatra ny ahoana no tena manaiNga ny aingam-panahinao ? Mora ve ny mamoron-kira sa sarotra ?

**Lola** : « *Izaho daholo no mamorona ny 90% tamin'ny hirako, ankoatra ny hoe cover 2 na 3 teo ho eo. Ny hirako manodidina ny 100 eo ho eo, ny gadona nataoko slow, batrelaka, mangaliba. Nanao hira isan-karazany aho, fa ny slow no manakaiky ny aingam-panahiko.*

*Slow manakaiky ny foko kokoa, ahafahako miangola sy mampiasa ilay feo. Sarotra ny mamoron-kira, fa asan'ny tena ilay izy dia ohatra ny hoe mora. Mila mampiasa saina sy mila fahendrena ihany koa ao anatiny. Toerana mangina no mampiakatra ny aingam-panahy, mila toerana mangina fa raha vao misy tabataba dia tsy tafavoaka. Mila fifantohana fotsiny dia lasa ilay aingam-panahy lasa any amin'ny habakabaka any* ».

**Gazetiko** : Inona ny torohevitra omenao ho an'ny tanora vao misandratra sy ireo te hiditra amin'ny sehatry ny zavakanto ?

**Lola** : « *Torohevitra ! Aleo ilay tena aingam-panahy no avoaka amin'ny fo madio. Tsy taitaitra amin'ilay hoe varotra loatra. Miala nenina foana eo am-pamoronana, na ny tononkira, na ny feonkira na any amin'ny trano fandraisam-peo. Vokatry ny zavatra nataonao tamin'ny voalohany ihany no ho jinjainao any amin'ny 10, 20, 30 taona. Izao izahay vao mahita fa hay ny zavatra nataonay tany amin'ny 25 taona tany no takian'ny olona hatramin'izao. Ny varotra mety malaza 1 taona na 2 taona. Izahay efa nanao izany fa ny zavatra nataonay varotra ireny tonga dia tsy hita tabilao mihitsy* ».

**Dinika nifanaovana tamin'i Fy**

Boost sy Jwks ary Meick

## Hampitsinjaka sady hampilalao eny Ankazo Andakana



**Vonona hitondra ny tsara indrindra i Boost sy Jwks.**

Hiavaka tanteraka ny fialamboly eny amin'ny kianja Ankazo Andakana amin'ity alatsinain'ny paska 1 aprily 2024 ity. Fampisehoana, filatroana, fiarahana milalao, dihy no nomanin'ny tomponandraikitra ho an'ny mponina eny amin'ny manodidina an'iny Andakana iny. Mpanakanto telo samy manana ny lazany na atao hoe vao nisondrotra aza no hampitsinjaka eny an-toerana, ahitana an'i Boost ; Jwks ary Meick-J. Samy hitondra ny vazony ry zalahy ireto, mazava ho azy fa ireo hira mihetsiketsika ankafizin'ny tanora amin'izao avokoa ny gadon-kira ampiasainy. Fa ankoatra izay, hampiara-peo ihany koa ry zalahy ireto, satria manana fiaraha-miasa matotra izy ireo eo amin'ny sehatry ny kanto. Etsy ankilany, haneho ny fahaiza-manaony amin'ny dihy ihany koa ry Dry oh sy ny ekipany izay efa kalaza amin'ny dihy. Any amin'ny fanafanana lanonana isan-karazany no tena ahitana azy ireo fa efa maro ny artista mpihira no miara-miasa aminy.

**Miss et Mister**

Farany, izay hiandraikitra ny filatroana dia ny Family Agency, mpikarakara ny Miss et Mister îles vert de Madagascar. Manana ireo mpilatrony izay efa matihanina sy vita fiofanana izy ireo, ka haneho ny talentany eny Andakana amin'io fotoana io. Ho an'ireo mpilatro dia fitafy gasigasy, fitondra amin'ny fanatanjahantena, lamba fitondra mianjaika no hoentiny eny an-toerana. Nambaran'ny tomponandraikitra fa hisy fifidianana izay ho tompondakan'ny hatsaran-tarehy (Miss et Mister) eny amin'ny faritr'Andakana sy ny manodidina iny amin'io andro io. Hahazo loka izay tafita amin'izany fifaninanana izany. Hisy ihany koa ny fifaninanana dihy karakarain-dry Dry Oh hoentina hampialavoly ireo tonga mamaly ny antson'izy ireo eny an-toerana.

**Fy**


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### MIVIDY

* Lamba, kiraro, boky, vy, fanaka, TV, kojan-dakozia, poketra, debara. Rason. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 774/15-15)

* Mm Feno. Mividy kojakoja, fanaka, kiraro, poketra, debara, TV. Tél : 033.01.764.83 / 034.22.160.88. (G-BA 773/20-16)

* Lamba, poketra, kojan-dakozia, TV, bisikileta, machine, cahier sns. MA SARAH. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 781/10-7)

### A VENDRE

* Tsenabe Isotry. Trano 2 étages : 16ch, E&E, 1er plan, T&B, QC : 5 MD Ar à d. Tél : 033.73.021.33. (G-BA 785/10-5)

### COUR

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-CL 776/5-4)

* Cours prépa. concours ENMG, ENAM, Police Mahafapo. Tél : 032.42.817.46. Fb MANAMPY JURISTE. (G-BA 769/20-19)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy " coupe homme ". Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 779/10-9)

### AHOFA

* Tsena amoron-dalana be, mety izay amidy. Toerana Itaosy maika. Tél : 033.32.118.27. (G-BA 790/4-1)

* Zah soudeur 5 ans d'expérience, asa rehetra momba ny vy. Afaka mi-déplacer. Tél : 033.32.118.27. (G-BA 790/4-2)

### SERVICE

* Vidange fosse mora, fosse perdue, puisard, Makiplast, plomberie. Tél : 034.60.797.42. (G-BA 783/10-7)

### VIDANGE

* Vidange fosse septique, fosse perdue & puisard… Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA-775/20-14)

* Vidange wc fosse septique, puisard Makiplast, fosse perdue. Tél : 033.51.333.19 / 038.08.304.97. (G-BA 780/12-8)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 784/6-4)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdue, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 784/6-4)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 784/6-4)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.22.595.81. (G-BA 788/20-3)

### MITADY ASA

* Aide-chauffeur, ménagère, livreur, gardiennage. Tél : 034.58.182.06. (G-BA 786/4-3)

* Mitady asa - Ménagère du bureau na gardien sns. Livreur en vélo. Tél : 034.41.852.77. (G-BA 787/4-3)

Ambohidratrimo

# Fatim-behivavy hita teo akaikin'ny fasana nandevenana azy

*Ny lamban-drazana no nesorin-dry zalahy ary notsoahiny ny fe ilan' ilay maty dia napetrany teo akaiky teo ihany.*

Vehivavy iray no nisy nanongatra tao amin'ny fasana nandevenana azy ary navelan'ireo olon-dratsy teo akaikin'io fasana io ihany. Tany amin'ny toerana antsoina hoe Ampasimaso, ao anatin' ny fokontany Bemasoandro avaratra, any amin'ny kaominina Ampanotokana, distrikan'Ambohidratrimo, no nisehoan'izany. Ny talata lasa teo tokony ho tamin'ny 12 ora alina, hatairana ny an'ny olona sendra nandalo teo amin'ilay fasana raha nahita faty teo ivelany teo. Fatim-behivavy efa maty efa ela izy io satria efa faty maina. Nampandre ny olona teo amin'ny manodidina izy ka raha vao nahafantatra izany ny fokonolona dia nirohotra nivoaka ary vory lanona teo amin'ilay toerana nahitana ilay razana. Tsy niandry ela ihany koa izy ireo fa niantso ny zandary miandraikitra an'iny faritra iny izay nandeha avy hatrany nanao fizahana ifotony niaraka tamin'ny dokotera avy ao amin'ny CSBII Ampanotokana ary ny sefo fokontany raha nandre ny zava-nitranga.

**Tsy nisy banga ny taolam-balo**

Nandritra ny fotoana nahatongavan'izy ireo tany an-toerana dia hita fa razana efa maina tokoa io fatim-behivavy io. Araka ny fantatra dia ny taona 2021 izy no nalevina natao anirotra. Nisy nanongatra anefa izany ary teo amin'ny 200 metatra miala amin'ny fasana nandevenana azy io no nahitana ny razana tamin'io fotoana io. Tsy fantatra mazava izay antony nahatonga ny olondratsy naka io razana efa nalevina io. Tsy nangalatra taolam-paty anefa izy ireo, satria voalaza fa tsy nisy banga ny taolambalon'ilay razana. Ny lamban-drazana no nesorin-dry zalahy ary notsoahiny ny fe ilan'ilay maty dia napetrany teo akaiky teo ihany. Nanoloana ity tranga ity dia efa nampandrenesina ny havan'ny maty mba hikarakara ilay razana. Efa niandraketan'ny fokonolona aloha ny fiambenana ny razana mandra-pahatonga azy ireo. Fantatra fa fony fahavelony dia nonina teny Anosiala Ambohidratrimo ity vehivavy maty ity. Mitohy ny fanadihadiana ataon'ny mpitandro filaminana mikasika ity raharaha ity.

T.H

Brickaville

# Vehivavy maty voakapa famaky ny lohany





**Nandriaka ny rà vokatry ny kapa famaky nanjo an'ilay vehivavy.**

Vono olona mahatsiravina no niseho ny talata lasa teo tokony ho tamin'ny 1 ora tolakandro, tany amin'ny toerana iray ao anatin'ny fokontany Maromamy, any amin'ny distrikan'i Brickaville. Vehivavy iray no lasibatra tamin'izany, satria dia nokapain'ny jiolahy tamin'ny famaky ny lohany. Tao amin'ny trano fivarotany no niseho ny loza. Mpivarotra entana ilaina amin'ny andavanandro izy. Tamin'io fotoana voalaza etsy ambony io no tonga niditra amboletra tao aminy ny jiolahy tsy fantatra. Vantany vao tonga tao ry zalahy dia tsy naka na inona na inona fa avy dia nikapa famaky teo amin'ny lohan'ilay vehivavy. Rehefa vita ny asa ratsiny dia lasa nandeha nitsoaka izy ireo. Ny namono ilay ramatoa fotsiny araka izany no tena tanjon'ny olon-dratsy. Tsy fantatra moa izay antony nahatonga izany. Fa noezahina nentina nankany amin'ny hopitaly haingana ilay naratra taorian'izay, saingy nony tonga teny dia efa tsy tana ny ain'ilay vehivavy noho ny ratra mafy nahazo azy sy ny fahaverezan-drà be loatra. Efa nampandrenesina mikasika ny zava-nitranga ny mpitandro filaminana ka nidina nanao fizahana tany amin'ny toerana nitrangan'ny loza. Efa natolotra ny fianakaviany ihany koa ny razana taorian'ny fizahana. Efa mandeha ny famotorana sy fikarohana ny olon-dratsy nahavanon-doza.

T.H

Talatamaty

# Lehilahy mpivarotra rongony voasambotra

Lehilahy iray 22 taona mpivarotra rongony no voasambotry ny polisy misahana ny ady amin'ny zava-mahadomelina teny amin'ny faritr'i Talatamaty afakomaly. Nahazo loharanom-baovao ny polisy mikasika ny fisian'ny lehilahy mivarotra rongony eny amin'io toerana voalaza etsy ambony io. Vantany vao nandre izany izy ireo dia nidina ifotony nanamarina ny zava-niseho ary namelatra fandrika avy hatrany mba hisamborana ilay lehilahy. Dia nandehanana tany antranony ka tratra tao tokoa ity farany raha iny teo am-pivarotana rongony iny. Tsy afanitsoaka intsony izy fa noraisim-potsiny teo. Niroso tamin' ny fisavana ny tao an-tranony ny polisy avy eo ka mbola nahitana rongony 40 fonosana tao aminy. Tsinjarainy io ka fantatra fa amidiny 1 000 ariary sy 2 000 ariary ny fonosana iray. Ankoatra izay dia nahitana rongony nataony tao anaty « sachet » 25 isa ihany koa tao aminy, izay fantatra fa amidiny 6 000 ariary ny iray amin'izany. Taorian'ny fisamborana dia nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy ilay lehilahy voasambotra. Notanana tany izy ary natao famotorana ka nandritra izany no nahalalana fa mahalafo rongony 30 000 ariary isanandro izy. Vita ny famotorana teo anivon'ny mpitandro filaminana ka omaly no natolotra ny fampanoavana ny raharaha.



**Ireo rongony tratra.**

T.H

Andoharanofotsy

# Trano iray nirehitra, entana maro tsy nisy noraisina

Nisehoan'ny haintrano teny amin'ny faritra Andoharanofotsy teny afakomaly tolakandro. Trano iray no nirehitra tamin'izany ka ny efitra telo no tena lasibatra. Vokany : entana maro no tsy nisy noraisina intsony. Tsy fantatra mazava hatreto izay antony nahatonga ny firehetana. Tsy nisy olona rahateo tao amin'ilay trano tamin'ny fotoana nampirehitra azy. Araka ny fanazavana anefa dia nilaza ny tompon-trano fa angovo avy amin'ny herin'ny masoandro ny jiro ampiasan' izy ireo ka tsy fantatra na misy ifandraisany tamin' izany no nahatonga ny firehetana. Ny afo efa nirehitra no hitan'ny mponina teny an-toerana nivoaka tao amin' ilay trano ka nanao izay ho afany tamin'ny famonjena sy famonoana ny afo izy ireo. Tao amin'ny efitra iray avy tao amin'ny rihana ambony no niandohan'ny afo.

*Tsy nisy olona rahateo tao amin'ilay trano tamin'ny fotoana nampirehitra azy.*

**Nitatra**

Nitatra izany ka nahazo ny efitra roa nifanila aminy dia naha lasibatra ireo efitra telo ireo, may tanteraka niaraka tamin'ny entana tao anatiny toy ny fandriana, vata fampangatsiahana, fahitalavitra sns. Fa teo anatrehan'ity loza ity ihany koa anefa, nisy ny nampandre ny mpitandro filaminana avy ao amin'ny tobim-paritry ny zandary Andoharanofotsy. Ny sasany koa nampandre ny sampana mpamonjy voina. Samy tonga nanao ny asany teny an-toerana avokoa ireo tomponandraikitra ireo raha vantany vao naharay ny antso. Teo ihany koa ny fiambenana ny olona teny amin'ny manodidina mba hisorohana ny mety hisian'ny fanararaotana. Taorian'izay dia efa mandeha ny fanadihadiana ataon'ny mpitandro filaminana.

T.H

MANAL'AZY DE MI'MEME



Antsohihy

# Zazavavikely vao 5 taona monja sy 13 taona niharan'ny fanolanana

*Ny rainy ihany no nanolana ilay ankizivavy 13 taona.*




**Ilay rangahy nahavita nanolana an-janany!**

Nandritra ny fotoana nandalovan'ity zaza ity sy ny reniny tao amin'ny toeram-pisakafoanana iray tao Anjiamangirana-Antsohihy no nisehoan'ity tranga tsy nampoizina ity. Ankizilahy iray tokony ho fito ambinifolo taona, mpiasa tao amin'ilay hotely ihany, mantsy no voalaza ho nanolana ity zazavavikely vao dimy taona monja ity ny 13 martsa tokony ho tamin'ny 2 ora tolakandro. Araka ny fanazavana azo dia avy any Mampikony hihazo an'Ambilobe izy mianaka ireo tamin'io. Nony tonga tao Anjiamangirana dia nijanona nisakafo tao amin'ilay hotely izy ireo. Tamin'izany indrindra anefa no nilaza ho poritra te hivalan-drano ilay zaza. Tsy nisalasala ilay tovolahy fa tonga dia nanolo-tena hitondra ilay zaza tany amin'ny toeram-pidiovana. Nandritra izany no voalaza fa nanararaotan'ilay zazalahy nanolanana ilay zaza. Rehefa vitany ny nataony dia nampandroiny aloha ilay zaza vao naveriny tamin-dreniny. Tsy nanam-po na inona na inona mihitsy ity farany tamin'izany. Rehefa nanohy ny dia anefa dia nitaraina ho narary kibo ilay zaza ary tsy nety nisakafo intsony. Nony tonga tao Ambilobe izy ireo ny ampitson'io dia vao mainka niha-nihombo ny aretin'ilay zaza. Voatery tsy maintsy nentina namonjy dokotera ka rehefa natao ny fizahana dia hita fa nisy rovitra ny fivaviany. Ilay zazalahy mpiasan'ny hotely tao Anjiamangirana avy hatrany no noahiahian'ny renin'ilay zaza ho nanolana an-janany. Ny alatsinainy teo io no voasambotry ny zandary ary natolotra ny Fitsarana.

**Hafa koa**

Fa ankoatra an'io dia ankizivavy tokony ho telo ambinifolo taona ihany koa no voalaza fa naolan'ny rainy tao Ampotamandrevo, kaominina Maroala, distrikan'Antsohihy. Raim-pianakaviana tokony ho valo amby efapolo taona no nahavita nanolana ilay zanany vavikely. Araka ny fanazavana dia nandeha niaraka nividy varilava tany Antonibe, distrikan'Analalava ilay rangahy sy io zanany io ny fiandohan'ity volana ity. Nandritra izany no nampitsiry ny sain-dratsiny ka nanararaotany ilay zanany ary nanolanany azy. Norahonany tsy hitantara ny nanjo azy ilay zanany. Mbola nikasa hiverina hitondra an-janany tany indray anefa ilay rangahy tamin'ity herinandro ity. Asa anefa fa tonga dia nandà mafy tsy handeha intsony ilay ankizivavy. Rehefa nofotoran-dReniny izy dia nitantara ny nanaovan-dRainy azy. Teo vao gaga ilay ramatoa ka nametraka fitarainana tany amin'ny mpitandro filaminana avy ka efa voasambotra ilay rangahy.

**R.C**

Nosy be

# Trano folo mahery ravan'ny afo, fianakaviana 25 tsy manan-kialofana

Nitrangana hain-trano nahatsiravina tao Dar-es-salam, ao Nosy be, ny talata lasa teo. Trano miisa folo mahery no voalaza fa levon' ny afo tao an-toerana. Araka ny fanazavana azo dia niainga tao amin'ny tokantrano iray ny afo ary vetivety dia nitatra tamin'ireo trano teo akaikiny noho ny fitsokan' ny rivotra. Tao anatin'ny fotoana fohy monja dia trano maro no ravan'ny afo. Antapitrisany maro ny fahavoazana naterak'izany, satria saika tapitra may tao avokoa ny fananana rehetra na dia niezaka namonjy izay azo navotana ihany aza ny mponina. Tsy nisy kosa anefa ny maty na naratra. Ny mponina teo an-tanàna no nifanome tanana tamin'ny famonoana ny afo. Tsy mbola fantatra mazava izay tena antony nahatonga ny firehetana. Taorin'io loza io moa dia nisy ireo malala-tanana tonga nanolotra fanampiana ireo trà-boina, izay nitondra sakafo sy zavatra ilain'ny mponina. Raha ny fanazavana hatrany dia fianakaviana miisa dimy amby roapolo eo no rava fananana sy tsy manan-kialofana vokatr'io loza io. Mbola miandrandra fanampiana amin'ny rehetra sy ny fitondram-panjakana moa ireo mponina, satria tena trà-pahavoazana tanteraka. Ny fananana nohariana nandritra ny taona maro no nafoy sy lasa lavenona tao anatin'ny fotoana fohy.



**Lavenona sisa tavela!**

**R.C**

Morombe

# Gadra nitsoaka ny fonja tratra tany Toliara

Nitsoaka ny fonja nitazonana azy tao Morombe ity gadra ity, izay voarohirohy noho ny raharaha vonoan'olona tany Befandriana Atsimo. Taorian'io fandosirany io dia nanao ny fomba rehetra nikarohana azy ny zandary. Ny talata lasa teo dia nahazo vaovao ny zandary fa mihaodihaody ao amin'ny toerampiantsonan'ny fiara ao Sanfily Toliara ity gadra nitsoaka ity. Nihevitra ho tsy nisy nahafantatra angamba izy ka nandeha tsy tamin'ahiahy tao amin'io fiantsonan' ny fiara io, izay mety hoe hisy toerana saika halehany. Efa nisy anefa ny filazana fikarohana momba azy ka izao tratra izao ny lehilahy. Nidina tany an-toerana avy hatrany ny zandary ka vokatry ny fiaraha-miasa teo amin'ny samy mpitandro filaminana dia voasambotra ity tovolahy ity. Natolotra avy hatrany ny tomponandraikitry ny fonja tao Toliara izy ary haverina any amin'ny fonjan'i Morombe.

**R.C**




**Ilay gadra nitsoaka!**

Loza voajanahary

## Ankizivavy iray sy zazalahy roa maty nilatsahan'ny varatra

Toerana roa samihafa no nitrangan'ireto loza namoizana ain'olona ireto ny alarobia tolakandro teny. Ny voalohany tany Tanambao-Maintirano, tokony ho tamin'ny 2 ora tolakandro ary ny iray tany Beakanga, kaominina Vasiana, distrikan'i Mandoto. Ankizivavy iray sy zazalahy roa no maty nilatsahan'ny varatra. Araka ny fanazavana azo dia telo lahy niara-nilalao kanety teo an-tokontany tao Beakanga no trà-doza. Raha samy mbola variana nilalao iny izy ireo no nirefodrefotra ny varatra. Tsy nisy orana akory fa tao anatin'ny andro maina be no nirefotra mafy izany ary nisesisesy mihitsy. Tonga dia niantefa tany amin'izy telo lahy ireto izany. Vokany, maty tsy trà-drano teo ny roa lahy fa naratra teo amin'ny tongony kosa ny iray. May nolalovan'ny varatra ihany koa ny trano iray teo akaiky teo. Samy taitra avokoa ny rehetra raha nahita ny zava- nitranga kanefa tsy nisy azo natao afa-tsy ny nitsabo ilay naratra sy nikarakara ny razana.

*Tsy nisy orana nilatsaka akory fa tonga dia nirefodrefotra ny varatra ary nahafaty ireto olona ireto.*

**Tany an-tsaha**

Fa ankoatra an'io dia ankizivavy iray tokony ho enina ambinifolo taona ihany koa no maty nilatsaham-potaka tany Amberomanitra, fokontany Beakanga, kaominina Vasiana, distrikan'i Mandoto, ny talata lasa teo tokony ho tamin'ny 5 ora hariva. Raha ny fanazavana dia telo vavy izy ireo no niaraka, izay avy niasa tany an-tsaha. Teny an-dàlana hamonjy fodiana indrindra izy ireo no nirefotra tampoka ny varatra ka nahavoa azy ireo. Tonga dia maty tsy trà-drano ilay ankizivavy iray. Mba tsy naninona kosa ireo roa vavy namany. Natolotra ny fianakaviany avy hatrany moa ny razana taorian'ny fizahana natao. Efa nijery ifotony ny zava-nitranga tany an-toerana ihany koa ny mpitandro filaminana.

**R.C**

Ambohidratrimo

## Vehivavy 2 nahatrarana rongony 180 fonosana



**Izy roa vavy miaraka amin'ireo rongony !**

Nandritra ny fisafoana nataon'ny zandary tao Antanimbary, fokontany Ambohitravao, kaominina Talatamaty, distrikan' Ambohidratrimo, ny talata lasa teo, no nahatratrarana ireto vehivavy roa ireto, izay voalaza fa mpivarotra rongony ao an-toerana. Fanomezam-baovao avy amin'ny olona tsara sitra-po no nahafantarana izany ka rehefa natao ny fisavana dia izao tratra izao. Nosamborina nentina natao famotorana avy hatrany izy roa vavy. Nahatratrarana rongony valopolo amby zato fonosana mantsy tao aminy nandritra ny fisavana nataon'ny zandary. Tokony ho telopolo taona eo avokoa ireto roa vavy ireto, izay efa samy renim-pianakaviana. Nogiazana avokoa ireo rongony rehetra ary hatolotra ny Fampanoavana avy hatrany izy roa vavy aorian'ny famotorana ataon'ny zandary.

**R.C**

Antenimieran'ny Raiamandreny ara-drazana (ARFM)

# Nahazo tehamaina sy anatra tamin'ny Filohan'ny Antenimierandoholona

*Nandrisika ny ARFM hanaraka ny ara-dalàna ny Filohan'ny Antenimierandoholona.*



Ny Fihaonana teo amin'ny Filohan'ny Sénat sy ny ARFM teny Anosikely.

Nanatanteraka fihaonana tamin'ny Filohan'ny Antenimierandoholona ny jeneraly Ravalomanana Richard, tetsy amin'ny lapan'Anosikely, ny alarobia lasa teo, ny Antenimieran'ny Raiamandreny ara-drazana sy Foko eto Madagasikara, na ARFM. Ireto farany no nangataka ny dinika tamin'ity lehiben' ny andrimpanjakana ity. Antondian'izy ireo tamin'izany ny niangavy tamin'ny Filohan'ny Antenimierandoholona mba hampita ny tolokevitr'izy ireo any amin'ny tomponandraikitra voakasika momba ny famerenana ny soatoavina malagasy, izay voalazany fa very. Raha namaly izany ny jeneraly Ravalomanana Richard dia karazan'ny namelaka tehamaina an-kolaka sy ny nanome anatra ho an'ireo mpikamban'ny ARFM ihany. Nambarany fa ny fahendrena sy soatoavina voalohany, dia ny fahaizana sy fanajàna ny lalàna velona. Raha tsiahivina dia mbola tsy nitsangana ara-dalàna ity Antenimieran'ny raiamandreny ara-drazana ity. Nampahatsahivin'ny Filohan'ny Antenimierandoholona fa tokony hanangana araka ny lalàna misy ny fikambanany izy ireo, fa tsy hisora-tena am-bava fotsiny. «*Arahina ny lalàna velona, ka raha hanao hetsika dia mangata-dalana amin'ny tompoandraikitra mahefa aloha*», hoy izy.

**Misy antony**

Nohazavain'ny Filohan'ny Antenimierandoholona ihany koa fa raha ny fomba eto Madagasikara, dia nisy antony daholo ny nanaovan' ny Ntaolo azy, mba handrindrana sy handaminana ny fiainana an-davanandro. Koa ilaina fantarina izany antony izany, fa tsy atao finoanoam-poana ny fomba malagasy. Mahakasika manokana ny fangatahan'izy ireo hanolo-kevitra amin'ny tomponandraikitra, dia nambaran'ny Filohan'ny Antenimierandoholona fa efa misy ny tomponandraikitra misahana manokana ny an'izany voalazan'ny Làlampanorenana sy ireo didy aman-dalàna maro.

**JUDD**

## Marina izany !

### Mifamahofaho ny hevitra!

**Raha azo lazaina ho tony ny toe-draharaha pôlitika, taorian'ny nahatafapetraka tamin'ny toerany ny filohampirenena sy ny governemanta miara-miasa aminy dia tsikaritra ho manomboka miseho lany ny tsy fitovian-kevitra, roa volana eo ho eo mialoha ny fifidianana solombavambahoaka. Mifamahofaho mantsy ny hevitra manoloana ny raharaham-pirenena, indrindra ny lafiny pôlitika. Andaniny, raha efa mifantoka amin'ny fanomanana ny fifidianana ny vaomiera manokana misahana izany ary efa mandrangaranga sazy ho an'izay tsy manara-dalàna ny fitsarana avo momba ny lalam-panorenana, ny mpanao pôlitika, amin'ny ankapobeny efa seriny mitady ny paipaika rehetra ahazoana maro an'isa eny amin'ny Antenimieram-pirenena. Ankilany, misy ny hevitra vaovao milaza, na dia tsy mivantana aza, fa tsy mbola tokony hirosoana ny fifidianana, noho ny latsa-bato tsy laharam-pahamehana manoloana ny olana samihafa sedrain'ny Malagasy. Nivantana mantsy no nilazan'ny talen'ny kabinetran'ny filohan'ny Antenimierampirenena fa tsy nahavaha ny fahasimban'ny lalana ; ny sondro-bidin'ny fiainana, ny tsy fandriam-pahalemana ;...ny fifidianana filohan'ny Repoblika natao farany teo ary dia mbola izao ao anaty fahasahiranana tanteraka izao ny firenena. Tsy nijanona amin'ny fanehoan-kevitra fotsiny ny eny Tsimbazaza fa nilaza ny hamory ny hery velona, amin'ny alalan'ilay vovonana iarahan'ny filohan'ny Antenimieram-pirenena sy ny filohampiangonana efatra mirahalahy. Fihaonana izay tsy hiandry ela fa hotanterahina eny Tsimbazaza rahampitso. Ny somary nanaitra fotsiny dia nilaza ho mbola tsy maharaka ny fisian'ny fivoriana ny filohampiangonana. Trangan-javatra mbola manamarina fa mifamahofaho ny hevitra !**

**Voahangy Rakotozafy**

Ady amin'ny kolikoly

# Raikitra ny fivoriana hamaritana paikady vaovao



Ireo mandrafitra ny komity misahana ny famolavolana ilay paikadim-pirenena hiadiana amin'ny kolikoly vaovao.

Iray volana sy tapany aty aorian'ny nankatoavan'ny Filankevitry ny Minisitra ny hirosoana amin'ny famolavolana ny paikadim-pirenena hiadiana amin'ny kolikoly (SNLCC) vaovao, raikitra ny fivoriana voalohany tanterahin'ilay komity natsangana hitarika izany. Ny "Comité pour la Sauvegarde de l'Integrité" (CSI), rafitra mandrindra ny ady amin'ny kolikoly eto Madagasikara, no mitarika io komity io ary ahitana solontenan'ny Filohan'ny Repoblika, ny solontenan'ny Praiminisitra, ny solontenan'ny Mpitahiry ny Tombokasem-panjakana, ny Minisitry ny Fitsarana, ny solontenan'ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanambola, ary ireo lehiben'ny rafitra efatra miady amin'ny kolikoly (BIANCO, PAC, SAMIFIN, ARAI) izany. Araka ny fampitam-baovao avy eny anivon'ny CSI, dia kendrena ho amin'ny andro iraisam-pirenena ho an'ny ady amin'ny kolikoly, amin'ny 9 desambra 2024, no hampahafantarina izany paikady vaovao ho amin'ny 10 taona manaraka indray.

**Mangarahara**

Nomarihan'io loharanombaovao io ihany koa fa ny dingana rehetra atao hanatanterahana ny famolavolana io paikady vaovao io dia tontosaina anaty mangaraharaha sy andraisan'ny rehetra anjara tahaka ny sehatra miankina sy tsy miankina amin'ny fanjakana, ka toy izao manaraka izao ny dingana sy ny fizotran'izany. Voalohany, hatao ny tombana sy jery todika ny paikady 2015-2025, mba hahalalana izay sakana nisy sy ny fanitsiana tokony hatao. Faharoa, fakan-kevitra isan'ambaratongany sy ifotony entina mamantatra ny hevi-dehibe hivohitra amin'ny paikady vaovao. Fahatelo, famolavolana ny paikadim-pirenena vaovao iadiana amin'ny kolikoly sy ny drafi-panatanterahana ary ny drafi-panarahamaso sy ny fanaovana ny tomban' ezaka.

**Nirongatra**

Ao anatin'izany rehetra izany, tsetsatsetsa tsy aritra no ilazana fa tao anatin'izay 10 taona nampiharana ny SNLCC 2015-2025 izay dia tsy vitsy ireo nahatsikaritra fa vao mainka nahazo vahana teto amintsika ny kolikoly, ary saika voakasik'izany avokoa ny sampandraharahan'asa miankina amin'ny fanjakana misy eto amintsika. Tsy midika anefa izany fa tsy nisy ny ezaka nataon'ireo sampandraharaha, natsangana manokana hiady amin'ny kolikoly. Azo antoka fa andaniam-bolam-panjakana betsaka ny fampihodinana, raha tsy hilaza fotsiny afa-tsy ny fanentanana, amin'ny alàlan'ny soratra sy sary samihafa, saingy tsy nahasakana ny rehetra hanao kolikoly izany mba tsy hilazana hoe toa vao mainka aza nirongatra.

**Mamy R.**

Minisiteran'ny Foloalindahy: Fifanandrifian-javatra ve ?

# Niofana tany Chine ny Minisitra - ny Lehiben'ny Etamazaoro - ny Kaomandin'ny Tafika an-tanety







Avy any an-kavia miankavanana : Ny MFA ; CEMA ; EMAT.

*Ankoatra ny any Frantsa dia any Cameroun, Chine, Indonésie ary Maroc matetika no miofana ny ankamaroan'ny manamboninahitra malagasy.*

Amin'ny ankapobeny dia saika tany amin'ny sekoly fanofanana manamboninahitra, any Frantsa (école de guerre) no niofana ny tompon'andraikitra ambony nifandimby nitantana ny minisiteran'ny Fiarovam-pirenena, na ny Foloalindahy, (arakaraka ny vanim-potoana) sy ireo nitana ny andraikitry ny Lehiben'ny Etamazaoro Jeneralin'ny Tafika, izay niova anarana ho Lehiben'ny Etamazaoro amin'izao fotoana izao. Anisan'izany ny GCA efa misotro ronono Rakotoarimasy Lucien, minisitry ny Foloalindahy izay nisolo toerana ny jeneraly Rakotonandrasana Noël, nandritra ny fitondrana tetezamita. Toy izany koa ny GCA efa misotro ronono Rasolofonirina Béni Xavier, lefitra faharoan'ny Lehiben'ny Etamazaoro, avy eo lehiben'ny Etamazaoro Jeneralin'ny Tafika, ary ny minisitry ny Fiarovam-pirenena, nandritra ny fitondrana teo aloha. Amin'ny ankapobeny dia ny sekoly fanofanana manamboninahitra any Cameroun (izay an'ny Frantsay ihany), any Chine, any Maroc ary any Indonésie, no mandray sy manofana ny manamboninahitra avy eto amintsika.

**Fifanandrifian-javatra ve ?**

Anisan'ny nandalo fiofanana tany Indonésie ohatra ny minisitry ny Fiarovam-pirenena teo aloha, ny GCA Rakotonirina Léon Jean Richard. Ny tsikaritra amin'ireo tompon'andraikitra ambony ao amin'ny minisiteran'ny Foloalindahy vao notendrena dia telo amin'izy ireo, samy nanaraka fiofanana tany amin'ny sekoly fanofanana manamboninahitra, any Chine avokoa. Ao anatin'izany ny minisitry ny Foloalindahy, ny GCA Sahivelo Lala Monja Delphin. Toy ny izany koa Lehiben'ny Etamazaoro am-perinasa, ny GDI Deramasinjaka Manantsoa Rakotoarivelo, avy amin'ny andiany faha-18-n'ny Akademia Miaramila. Mbola niofana tany amin'ny sekoly manofana manamboninahitra, any Chine ihany koa ny Kaomandin'ny Tafika an-tanety, ny GDI Rakotoson Jocelyn, avy amin'ny andiany faha-19, nivoaka tao amin'ny Akademia Miaramila ao Antsirabe. Ny fanontaniana manitikitika ny saina manoloana izany dia ny hoe fifanandrifian-javatra ve sa nampitovy tadin-dokanga ny tompon'andraikitra ambony eo anivon'ny minisiteran'ny Foloalindahy ?

**V.R.**

Filankevitry ny minisitra

# Minisitera roa no nampahafantatra ny tetikasany ao anatin'ny 100 andro

Andro vitsy sisa dia hifarana tanteraka ny fe-potoana 100 andro nomena ireo minisitera isan-tsokajiny hanatanterahany ireo asa maika ho an'ny fampandrosoana. Hatreto anefa mbola vitsy ireo minisitera nahavita izany nandritra ny Filankevitry ny minisitra. Ny alarobia lasa teo fia minisitera roa no nampahafataratra ny fanatanterahana ny tetikasa 100 nanoloana ny filankevitry ny minisitra. Isan'izany ny minisiteran'ny Jono sy ny toerakarena manga. Ity farany izay nametraka ny faritra manokana ho an'ny fiompiana trondro ao anatin'ny tetikasany. Misy ny ireo efa vita hatrany amin'ny 75 isan-jato tahaka ny eto Analamanga, ny any Boeny 45 isan-jato. Isan'ny nampahafantatra ny tetikasa 100 andro ihany koa ny minisiteran'ny Fizahantany sy ny Asa tanana. Ny fampiroboroboana ny fampiasam-bola momba ny fampahafantarana ny « Destination Madagascar » no tetikasa hataon'izy ireo raha mikasika ny fizahantany. Momba ny asa tanana kosa dia ny fanamorana ny fahafahan'ireo mpanao asa tanana mahita akora ampiasan'izy ireo no tena tanjona. Hatreto, ho an'ny mpitazana, karazan'ny tetikasa eny ambony latabatra fotsiny no betsaka amin'ity tetikasa 100 andro ity. Tsy mbola hita mantsy izay fivoarana sy ny fandrosoana azo tsapain-taniana kanefa ny fe-potoana efa hifarana amin'ny 1 avrily ho avy izao. Karazan'ny tsy fahombiazana ho an'ny fitondrana ihany ny fametrahana izany. Hitady fampandriana adrisa vaovao araka izany izy ireo aorian'ny fifidianana depiote ka hametraka governemanta vaovao indray.

**JUDD**


**AVIS DE MODIFICATION**

**C.A.R SARL**

Suivant le PV de l'Assemblée Générale Ordinaire (AGO) du 14 mars 2024 enregistré au bureau du Centre Fiscal Tana V le 19 mars 2024, F°56 N°640 Vol AC/50, il a été porté la modification ci-après :

- **Gérance :** Monsieur RAMPANANA Tsiambakaina est nommé Co-Gérant de la société

**NIF : 3001783417 - Stat. : 69203112014010870 - RCS Antananarivo : 2014B00790**

La Gérance GCL 781/1-1

**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :



**PRIERE MIRACULEUSE**

Doux cœur de Jésus, auparavant, je t'ai toujours demandé plusieurs faveurs. Cette fois-ci, je t'en demande UNE très spéciale (...) Prends-la doux cœur de Jésus et place-la dans ton cœur transpercé où ton Père la voit.
Ainsi sous ses yeux miséricordieux, elle deviendra ta faveur et non la mienne. Amen ! Dites cette prière 3 fois/jour et pendant 3 jours et votre prière sera exaucée miraculeusement.
N'oubliez pas de remercier Jésus avec promesse de publication.

Remerciements au doux cœur de Jésus pour faveur obtenue.

GCL 780/2-2 22/03/24 R.Yvette

Karama farany ambany - Sehatra tsy miankina

# Hihatra manomboka amin'ity volana ity ny fampiakarana 10 isanjato

*Nakatoavin'ny fanjakana ny fifanarahana nifanaovan'ny vondron'ny mpampiasa sy ny vovonan'ny sendikan'ny mpiasa malagasy.*



Mbola maro ireo mpiasa malagasy tsy misitraka ny zony. (Tahirin-tsary)

Hiakatra ny karaman'ny mpiasa any amin'ny sehatra tsy miankina. Taorian'ny fivoriana niarahan'ny vondron' ny orinasa malagasy sy ny vovonan'ny sendikan'ny mpiasa malagasy tamin'ny 15 febroary tamin'ity taona ity, dia tapaka fa hampiakarina 10 isanjato ny karaman'ny mpiasa amin'ny sokajy voalohany manomboka eo amin'ny M2 ka hatramin'ny OP3. Voakasika ao anatin'izany ny karama farany ambany sy ny karama amin'ny faharetana amin'ny asa atao. Nankatoavin'ny filankevitry ny minisitra tamin'ny alarobia lasa teo, izay natao tao amin'ny lapampanjakana Iavoloha, ny fampahafantarana ity fifanarahana ity. Raha ny tatitra tao anatin'ny filankevitry ny minisitra hatrany dia mihatra nanomboka ny 1 marsa lasa teo ity fampiakarana karama ity. Hiakatra ho 262 680 Ariary araka izany ny karama farany ambany ao amin'ny sokajy M1 - A1 eo amin'ny sehatrasa ivelan'ny fambolena, raha 238 000 Ariary teo loha. Lasa 266 500 Ariary izany ho an'ny sehatrasa momba ny fambolena raha 242 200 Ariary teo aloha.

**Karama mendrika**

Mbola lavitry ny kitay ny afo. Raha ny fanadihadiana nataon'ireo mpahay toekarena sy mpitarika sendika dia tokony tsy ho latsaky ny 1 tapitrisa Ariary ny karama raisin'ny mpiasa iray isam-bolana. Io no nambrana'izy ireo fa karama mendrika sy mahavelona ary mifanaraka tsara amin'ny fisondro-bidim-piainana eto Madagasikara. Mifanohitra amin'izany anefa ny zavamisy ankehitriny, satria mihena an-dalana toy ny fen'antitra ny fahefa-mividin' ny mpiasa malagasy, ka tsy hahafahany mampivelatra ny maha olona azy sy ny akohonany. Afaka iray volana mahery dia hanamarika ny andro iraisam-pirenena ho an'ny asa isika, ka hodradradrain'ireo sendika amin'io indray ireo mararin' ny mpiasa malagasy. Lasa ho toy ny fahazarana anefa ny fanamarihana io andro io, satria toa tsy misy mpihaino, mba tsy hilazana hoe tsy misy mpiraharaha ny fitarainan'ny mpiasa malagasy.

**R. Muray**

## Taratasy ho an-dRamala

### Andro…ho an'ny fahasambarana !

Any Ramala,

Nankalazaina ny talata teo Ramala ny andro erantany ho an'ny fahasambarana. Asa raha mba naharaka izany ny teto amintsika. Fahasambarana hoe ? Fa inona no tena hevitr'izany Ramala ? Misy andro anankiray ve izany tokony hatokana mba hahatsiarovan'ny olona ho sambatra ? Toa mampahatsiaro ny hiran'ilay mpanakanto iray teo aloha avy any amin'iny morontsiraka atsinanana iny izany manao hoe " Iza re, iza iza no afaka, hanambara e, fa olona sambatra ? " Midika ve izany Ramala fa tsy misy izany olona sambatra izany eto ambonin'ny tany ? Fa mahakasika io andro nomarihina tamin'ny talata io ihany Ramala dia misy firenena vitsivitsy any ivelany any ihany no voalaza fa tafiditra ao anatin'ireo sambatra ka saika ry zareo antsoina hoe " Tavaratra " izy io. Any amin'ny ilabolantany avaratra no misy azy ireo. Izany firenena antsoina hoe Finlande izany hono no mitana ny laharana voalohany. Manarakaraka azy eo hono izany Norvege izany, dia Danemark, dia Suede. Fa ny tanin'ireo Vazaha nanjanaka antsika hono Ramala tsy mbola tafiditra ao anatin'ireo firenena sambatra folo maneran-tany akory. Dia aiza ho aiza amin'izany no misy ny tanindrazantsika Ramala ? Tsy ohatra ny hoe maneso ve raha hiresaka izany momba antsika ? Mba miresaha amin'ireo vahiny na vazaha miara-monina amintsika sy any ivelany ireo moa Ramala e ! Matetika dia izao foana no ambetin-tenin'izy ireo : " Ny taninareo dia tsara saingy mampalahelo fa mahantra ! ". Ny roa ampahatelon'ny mpiray tanindrazan amintsika mantsy Ramala dia voalaza fa miaina ao anatin'ny fahantrana ! Maro no mihinana tapa-kibo, ao ny mandry fotsy matetika, sns…Manampy trotraka izany dia mandry tsy lavo loha ny any ambanivohitra. Amin'izao indray miampy ity fanolanana, fanolanana ity. Na ny razana efa maty any am-pasana aza moa Ramala mbola fongarina sy angalarin'ny sasany fa tsy avela " mandry ampiadanana " araka ny fiteny ! Ka inona Ramala no fahasambarana ho an'ny tanintsika amin'izany ? Aleo faranana amin'izay Ramala fa ampy aloha ny androany, amin'ny manaraka indray ny tohiny.

Toamasina

# Ifampitadiavana ny solika




Mipenimpenina mitady solika ireo mpampiasa fiara ao Toamasina. (Sary : Deyland)

Mikorontana ny famatsiana solika ao Toamasina. Nanomboka ny alarobia hariva lasa teo dia nilaharana avokoa ireo toby mpaninjara solika any an-toerana. Nisy tamin'ireo tobin-tsolika no tsy nanana tahiry intsony ka niveri-maina ireo fiara sy môtô ary bajaj tonga saika haka solika. Iaraha-mahalala fa mbola manohy ny fitokonany ireo mpitatitra solika ao amin'ity renivohitriy ny faritra Atsinanana ity. Tsiahivina fa olona 11 voarohirohy tamin'ny halatra solika tao amin'ny tobim-panadiovana solika ao Toamasina no nosamborin'ny mpitandro ny filaminana. Mpamily kamiao mpitondra solika ny 3 tamin'ireo ary mpiasan'ny toby fanadiovana solika ny 8. Nanome 72 ora ho an'ny fanjakana ireto farany hamoahana ireo namany nosamborin'ny mpitandro ny filaminana tamin'ny alatsinainy lasa teo. Efa naaton'ireo mpitatitra solika ireto moa ny famatsiana solika mandeha amin'ny lalam-pirenena faharoa sy ny lalam-pirenena fahadimy. Tapitra anio io fepotoana io, ka andrasana izay ho tohiny. Mandeha ny dinika an-databatra boribory hoentina mamaha olana hatramin'ny omaly, saingy tsy mbola nisy ny marimaritra iraisana. Ireo mpitatitra solika nanizingizina rahateo fa tsy nangalatra ireo namany noho ny fisian'ny kaontera ara-dalàna manamarina ny fatra alaina. Ahiana ny mety hitaran'ity fikorontanana amin'ity famatsiana solika ity amin'ny faritra hafa.

**R. Muray/Ariel**

## Ragasy

Andro maneran-tany ho an'ny rano

# Any Morondava ny ivon'ny fanamarihana

Andro maneran-tany natokana ho an'ny rano anio zoma 22 marsa 2024. Mandray ny ivon'ny fankalazana nasionaly ny renivohitry ny faritra Menabe, Morondava. *"Rano antoky ny filaminana"* no lohahevitry ny fankalazana amin'ity taona ity. Nanomboka omaly ny fihetsiketsehana tany an-toerana. Nisy ny fitokanana fotodrafitrasa famatsiana rano fisotro madio sy fidiovana ary fanadiovana. Nitarika ny lanonana tany an-toerana ny Minisitry ny Rano sy ny Fidiovana ary ny Fanadiovana, Ravokatra Fidiniavo, niaraka tamin'ny minisitry ny Tanora sy ny Fanatanjahatena, Resampa Haja, amin'ny maha minisitra mpiahy ny faritra Menabe ity farany. Samy nahazo fotodrafitrasa iray avy ny tao Analaiva, distrikan'i Morondava , sy ny tao Miary sy Bezezika ary Anjatelo, distrikan'i Mahabo. Ny kaominina mpisitraka ny fotodrafitrasa no namatsy ny 30 isanjaton'ny tetibola nanaovana ny asa rehetra fa ny mpiara-miombona antoka no nandray an-tanana ny 70 isanjato ambiny. Nitombo ny isan'ny mponina nisitraka rano fisotro madio tany Menabe. Niakatra 54 isanjato izany ankehitriny raha 39 isanjato tamin'ny roa taona lasa. Amin'ny ankapobeny dia ny 54, 5 isanjaton'ny Malagasy no efa misitraka rano fisotro madio.


**R. Muray**

## Izy no izy

Ranaivo Rakotobe Johary Sitraka

# Olona tia mizara sy manome torohevitra amin'ny manodidina

Ao anatin'ny tontolon'ny fakana sary no ahafantaran' ny maro an'i Johary Sitraka Ranaivo Rakotobe. Tovolahy mbola mpitovo, anatin'ny hatanorana satria vao 33 taona monja kanefa anisan' ireo efa sokajiana ho matihanina ao anatin'izay fakantsary izay izy. Amin'ny fiainana andavanandro dia olona tia mizara ary tsy mitontaly fa rehefa manome dia avy amin'ny fo i Johary. Ankoatra an'izay, vonona hihaino sy hanome torohevitra ho an'ireo olona akaiky azy sy ny namana. « *Mahafinaritra ahy ny mahita olona faly rehefa omeko fanomezana, tsy voavidy vola ilay tsiky iny* », hoy i Johary. Anisan'ny sakafo tena ankafiziny koa ny steak frites. Somary masika fiteny izay anefa izy rehefa tezitra, saingy tsy karazan'olona manao an-dolom-po. Anisan'ny fahatsiarovana tsara indrindra ny nahazoany fitaovana fakan-tsary natao ho an'ny olona matihanina, izay novidiany. Anisan'ny mankafy moto ihany koa i Johary ka mahafinaritra azy ny miaraka mivoaka amin'ny namana rehefa manana fotoana iny.



**Miezaka manome ny tsara ho an'ny hafa foana amin'ny tontolon'ny fakana sary i Johary Sitraka Ranaivo Rakotobe.**

Anisan'ny nofinofiny ihany koa ny hividy moto ary tanterany izany ankehitriny ka mahafinaritra azy ny mankafy ireo.

**Maka sary**

Teo amin'ny 7 taona teo izay no naka sary i Johary fa tao anatin'ny 4 taona no niditra tao anatin'ny sehatry ny matihanina. Tany am-boalohany dia tia sary, ary nanomboka nikaroka sy nampiana-tena. Anisan'ny namolavola azy ihany koa anefa ny sosokevitra avy amin'ireo zoky namana mpaka sary. Tsy nisy olona tao amin'ny fianakaviana mpaka sary fa amin' izao izy sy ny zandriny samy ao anatin'io tontolo io avokoa. Raha fitiavana no nanombohana tany am-boalohany dia efa lasa vadin'asa mihitsy ilay izy amin'izao, satria azo ivelomana tsara rehefa ifotorana, moa ilay fitiavana maka sary mbola mipetraka foana. Azo atao asa mahavelona tsara ihany koa raha tena ilofosana. Anisan'ny sedra lalovan'ny mpaka sary ny tsy fahatsapan'ny olona mila ny tolotr'izy ireo ny maha sarotra ny fakana sary, hany ka misy sasany amin'izy ireo manambany avy hatrany, indrindra rehefa manontany ny sarany. « Izahay tompoko nianatra, nilofo tao anatin'ilay tontolo, ka rariny raha misy ny fenitra tokony hapetraka amin'ny saran'ny asa. Ny vidin'ny fitaovana ihany koa tena lafo raha hanaraka ireo hiaka farany. Tokony hojeren'ny mpanjifa hatrany koa ny kalitaon'ny sary mivoaka, satria tsy rehefa maka sary dia hoekena daholo. Tsy tokony hosodokan'ny mora fa alohan' ny hiarahana miasa amin'ny mpaka sary iray dia jereo tsara ny asa efa vitany, mba tsy ho voafitaka. Samy manana ny hanitra ho azy ny mpaka sary, kanefa anisan' ny lesoka eto Madagasikara ny fifanenjehana sy fialonana eo amin'ny samy mpaka sary. Aleo mifaninana manao zavatra kanto sady miavaka amin'ilay tontolo mba hanintonana mpanjifa », hoy i Johary Sitraka Ranaivo Rakotobe namarana.

**Nath**

Andiany XX CEDS

# Ilaina ny manana drafitra mazava hitantanana ny harena an-tanety sy ny an-dranomasina

Notanterahina omaly teny amin'ny CCI Ivato ny valandresaka voalohany nokarakarain'ireo mpianatra andiany XX CEDS. Natao ady gasy ny fomba nitondran'ireo mpikarakara ny resaka hamolavolana vahaolana avy amin'ny Malagasy ho an'i Madagasikara ary manaraka ny soatoavina malagasy. Ny hevitry ny tsirairay no havondrona hamoahana ny paikady iraisana. Niompana bebe kokoa mikasika ny lohahevitra ny harena an-tanety, fanoitra ho an'ny firoboroboana. Ny ranomasina, tariky ny fampandrosoana ary i Madagasikara tanjaky ny ranomasimbe indianina, ka niantsoana ireo andiany CEDS zoky sy ireo tomponandraikitra ambony ary manampahaizana maro ny lohahevitra. Raha ireo harena ireo no voafehy dia handroso i Madagasikara, izany hoe ilaina ny manana drafitra mazava hitantanana ny harena an-tanety sy ny an-dranomasina mba ho fampandrosoana an'i Madagasikara sy ho reharehan'ny ranomasimbe indianina ara-toekarena isika. Araka ny filazan' i Solofo Rasoarahona, « Délégué Général » an'ny CEDS eto amin'ny ranomasimbe indianina : « *Azo avadika ho tetikady fampandrosoana ny firenena ny fihaonana toy izao karakarain'ny CEDS andiany XX izao. Atrikasa ady gasy izay midika famahana olana manaraka ny soatoavina malagasy ary nandraisana ny sosokevitra avy amin'ny sokajin'olona maro na mpamboly na teknisianina na politisianina, sy ny maro tsy an-kanavaka. Mila mijery ny ho avin'ny taranaka fara sy dimby isika ka tsy hametraka lova ratsy ho azy ireo no tanjona. Amin'izany anefa, tokony homena lanja ny manampahaizana malagasy, henohy ny hevitr'izy ireo fa azo ampiharina tsara hanatsarana ny fiainan'ny Malagasy rehetra. Ilaina ny volan'ny mpamatsy vola fa isika tsy firenena mpangataka fa nateraka hitsangana. Izany no anisan'ny fotokevitra nitaizana ny andiany rehetra nisesy tao amin'ny CEDS ka hireharehanay.* »





**Notanterahina teny amin'ny CCI Ivato ny valan-dresaka nokarakarain'ny CEDS andiany XX.**

Anisan'ny manam-pahaizana nasaina nanampy azy ny andiany XX i Volatiana Rakotondrazafy, solontenan' ny ONUDI eto Madagasikara, ny minisitry ny Angovo teo aloha Horace Gatien, Jean Michel Andriantsilavo Rabary talen'ny fampiroboroboana ny toekarena manga sy ireo olomanan-kaja maro.

**Nath**

Maripana

# Hiakatra hatrany amin'ny 5°C afaka 80 taona raha tsy misy fandraisana andraikitra





**Anisan'ny manohana ny Meteo Malagasy ny GIZ.**

Zavadoza no miandry ny mponina eto ambon'ny tany raha tsy dieny izao dia efa mandray andraikitra ny tsirairay. Afaka 80 taona mantsy dia hiakatra hatrany amin'ny 5°C ny maripana eto. Mety miteny isika fa mbola ho ela izany, saingy mandeha tsikelikely io ary efa tsapa sy hita ny vokadratsiny amin'ny fiainana andavanandro. Anisan'ny ahatsapana izany ny haintany, ny rivotra, ny maripana, rotsak'orana, ary indrindra ny vokany amin'ny fahasalamana sy ny fambolena. Anisan'ny ahatsapana ny voka-dratsin'ny fiovan'ny toetrandro eo amin' ny lafiny fahasalamana ny mety ho firongatry ny valanaretina. Toy izay ny fanazavan'i Rolland Maminiaina, tomponandraikitra eo anivon'ny Page GIZ : « *Tao anatin'ny tetikasa Page 1, izay iarahana amin'ny GIZ sy ny Cooperation Allemande, nisy 6 ny valanaretina nahiana nirongatra, ka anisan'izany ny pesta, aretin-kibo, tazomoka, tsifanjariantsakafo, aretin-tratra ary ny aretina azo avy amin'ny fihinanana hazan-dranomasina. Amin'izao fotoana izao dia nitatra lasa ho 20 ireo aretina ahiana hirongatra ireo ka tafiditra ao anatin'izany ny aretin-tsaina, ny bilariziozy, filariozy, sohika sy ny maro hafa. Tsy afaka manohy ny fanadihadiana sy ny fanapariahana ary fikarohana mikasika izany anefa ny PAGE ka misokatra amin'izay mahita famatsiam-bola ny fikarohana. Hatreto dia efa manomboka ny OMS sy ny Croix Rouge Alemana fa mbola misokatra amin'ny mpamatsy vola hafa ny fikarohana.* »

*Hiankinan'ny fiainan' olombelona ny fahazoana vaovao marimpototra mikasika ny Meteo.*

Fantatra izany nandritra ny fanokafana tamin'ny fomba ofisialy ny andro manerantany ho an'ny toetrandro, izay marihina mandritra ny 3 andro etsy amin'ny Parvis Analakely. Misy ny tranoeva 40 mandray anjara ary miezaka mampahafantatra ny ezaka ataony hanovana ny zavamisy amin'izao. Efa misy, hoy ny minisitry ny fitaterana sy ny toetrandro, ny politikam-pirenena mikasika io fiovan'ny toetrandro io, ka ny tetikasa rehetra dia tsy maintsy mifandray amin'io fiovan'ny toetrandro io avokoa. Miantso fandraisana andraikitra eo amin'ny tsirairay ihany koa ny fanovana amin'ny fitondrana ny anjara biriky. Tsara ho fantatra fa iankinan'ny zavatra maro ny asan'ny Meteo Madagascar ary misy ny ezaka amin'ny fampitaovana izany mba hahafahan'ny olon-drehetra maharaka vaovao.

**Nath**




"Fondation Mohammed VI des Oulema Africains" eto Madagasikara

# Nisantatra asa soa teny Talatamaty, omaly

*Ny fampielezana ny finoana Silamo, mifototra amin'ny fifamelana, fifanampiana, firahalahiana ary fandriampahalemana no tanjon'ny fikambanana.*



Nandritra ny fanokafana ny "Fondation Mohammed VI des Oulema Africains" sampana eto Madagasikara, tetsy Talatamaty omaly.

Nampahafantarina tamin'ny fomba ofisialy omaly ny fijoroan'ny « Fondation Mohammed VI des Oulema Africains » eto Madagasikara. Eny Talatamaty no misy ny foibeny eto amintsika ka nosantarina tamin'ny fanaovana asa soa teny an-toerana ny fijoroan'ny fikambanana. Fianakavina manodidina ny 200 no samy nisitraka vary 25 kilao sy menaka 2 litatra ary ronono 1 boaty taorian'ny fitsidihan'ireo vahiny nasaina ny trano foibeny eny Talatamaty. Isan'ireo nanome voninahitra ny fotoana tamin'izany ny masoivohon'i Maraoka miasa sy monina eto amintsika niaraka tamin'ireo olompanjakana isan-tsokajiny. Nomarihin'Atoa Hamidou Ali, filohan'ny « Fondation Mohammed VI des Oulema Africains » eto Madagasikara omaly, fa isan'ireo fikambanana lehibe eto Afrika ivondronan'ireo avara-pianarana amin'ny sehatra Islamika io fikambanana io. Ny mpanjakan'i Maraoka, Mohamed VI no filohan'ny rafitra aty Afrika ary efa mahatratra 48 ny rantsa-mangaikany aty Afrika.

**Fifanampiana sy fifanohanana**

Nantintranterin'ity farany nandritra ny fitsidihana ny foiben'ny fikambanana teny Talatamaty omaly ihany koa, fa ny fampielezana ny finoana Silamo izay mifototra amin'ny fifamelana, fifanampiana, firahalahiana, fandriampahalemana no tanjon' ny fikambanana. Ary izay no fototra apetraka ahafahana mametraka ny fitoniana sosialy, ny fiharian'ny zanak' olombelona eto Afrika. Tafiditra ao anatiny ny asa fifanampiana sy fanohanana ny mpiara-belona ka izay no antony nisantaran'izy ireo ny fijoroan'ny fikambanana tamin'ny fanolorana an'ireo sakafo ireo na dia mifanitsaka amin'ny volana Ramadany aza izany ka samy mahazo tombony amin'ny asa sosialy daholo ny olon-drehetra na Miozolimanina na tsia. Ao anatin'ny tanjona ihany koa, ny fanatsarana ny fiarahamonina na eo aza ny fahasamihafana ara-pinoana ka miara-miasa akaiky amin'ireo fokontany sy kaominin'i Talatamaty izy ireo tamin'ny asa soa omaly.

**Fifadian-kanina**

Notsiahivin'ny ambasadaoron'i Maraoka eto amintsika, nandritra ny fotoana ihany koa, fa Maraoka no nitondra ny finoana Silamo teto Afrika. Misy ny fifadian-kaniny, *« Iray volana izahay no mifady hanina fa misy olona mifady hanina mandavataona any ka fotoana tokony hifampizarana, noho izany, ary ny hanafoana ny hanohanana eto Madagasikara mihitsy no tanjona amin'izao volan'ny ramadany izao »*, hoy izy.

**Niry R.**

Firosoana amin'ny fifidianana depiote

# Nifampidinika tamin'ny iraky ny Sekretera Jeneralin'ny Frankofonia ny praiminisitra



Rtoa Micheline Calmy-Rey, iraka manokan'ny OIF nandritra ny fihaonany tamin'ny Praiminisitra teny Mahazoarivo, omaly.

Tongotra mby an-dakana ny fanatanterahana ny fifidianana solombavambahoaka, amin'ny 29 May ho avy izao na dia misy ampahana mpanao pôlitika aza mandrirotra mafy ny tokony hanavaozana ifotony ny rafitra aloha, mialoha ny hirosoana amin'ny latsabato. Tsy mahagaga raha tsy mitovy ny hevitra, satria samy miketrika ny tombontsoany sy ny mampetipety azy ny mpanao politika tsirairay avy. Fa raha hiverenana ny zavamisy ankehitriny, dia tsikaritra ho efa samy maneho ny fahavononany hanatanteraka izany mantsy na ny governemanta, na ny Vaomiera Manokana Misahana ny Fifidianana. Ankoatra ny eto an-toerana, dia tsikaritra ho dodona amin'ny hisian'ny fifidianana ny fianakaviambe iraisam-pirenena sy ireo mpiara-miombon'antoka amintsika any ivelany. Raha ny zava-misy tato ho ato mantsy, dia tsikaritra ho mifandimby mandefa iraka manokana manombana ny fanomanana ny fifidianana eto amintsika, ny fikambanana iraisam-pirenena. Isan'izany ny iraka manokana nalefan'ny Sekretera Jeneralin'ny Vondron'ireo firenena miteny sy mampiasa ny teny Frantsay na OIF, izay tarihin'i Ramatoa Micheline Calmy-Rey, izay misahana manokana ny resaka politika. Omaly, tonga teny Mahazoarivo nihaona tamin'ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta, Ntsay Christian io iraka manokan' ny Sekretera Jeneralin'ny Vondron'ny frankofonia io. Araka ny fampitam-baovao avy eny an-toerana dia nanao jery todika mahakasika ny fifidianana Filohan'ny Repoblika farany teo ny roa tonta ary nidinika ihany koa mahakasika ny fanomanana ny fifidianana ho solombavambahoaka ho avy izao.

**Mamy R.**

Maevatanàna

# Naiditra am-ponja vonjimaika ireo olona roa nikasa hanao kolikoly tamin'ny zandary

Ny alatsinainy 18 marsa teo, rehefa niakatra fampanoavana izy roa lahy, voarohirohy tamin'ny resaka fisandohana anarana sy taratasina fiara tsy ara-dalàna, niampy fikasana hanao kolikoly tamin' ireo zandary, antony nampidirana am-ponja vonjimaika azy ireo, eny amin'ny fonjan' Ambodimadiro. Raha hiverenena ny tena zava-nitranga dia ny andron'ny alakamisy faha 14 marsa 2024 teo no nanatanteraka ny asany amin' ny fiandrasana ny lalam-pirenena, ireo zandary avy ao amin'ny BPR: Brigade Police de la Route Maevatanàna teny amin'ny toerana atao hoe Marokoloy, kaominina ambanivotra Antsiafabositra, ato anatin'ny disitrikan'i Maevatanàna. Fiara roa " Starex" handeha hianavaratra, mivezivezy miaraka amin' iny modèle laharana voalohany sy assurance efa lany daty no hita nandritra ny fisavana nataon'ny zandary ireo tao anaty fiara. Nalaim-panahy avy hatrany izy ireo, ka nanolotra lelavola ho an'ireo mpitandro ny filaminana ahazoana " Contravention" mba hanamora ny lalàna hatrany Antsohihy. Nandà izany anefa ireto farany. Nampitandrina moa ny zandary. Nony tonga teto Maevatanàna an-tampon-tanàna ny fiara sy ny olona tao antiny dia nanao fisavana fanindroany ny kaomandin'ny vondrontobim-pileovan'ny zandary aty Betsiboka, ka hita fa tsy nandoa assurance ry zareo . Mbola tsy nisalasalasa ihany ireo olona hanao kolikoly tamin'ny lehiben'ny Zandary, nanolotra lelavola 200 000 ariary sy nampikatra 400 000 ariary indray. Nanamafy hatrany kaomandin'ny vondron-tobim-pileovana, fa kolikoly izany. Na teo aza anefa io fampahafantarana nataon'ny tompon'andraikitra io, dia tsy nahasakana azy ireo, fa mbola nanolotra 200 000 ariary sy ravim-bola 200000 ariary miisa folo. Voatery nandray fepetra sy nisintona antontan-taratsin' ny fiara ka nampidirana " fourrière" ihany koa ny fiara roa. Nosamborina ihany koa ny nanao kolikoly roalahy. Ny zandary ao amin'ny boragady eto Maevatanàna no misahana famotorana tamin'izay.

**Ratantely**

# Teny rehetra teny



Nampanainga zipo ny mpandalo ny rano nateraky ny rotsak'orana teny Ampefiloha, omaly.




Manomboka liana amin'ny hetsika fanandratana ny kolontsaina malagasy, karakarain'ny Havatsa UPEM eny amin'ny Tahala Rarihasina ny tanora.




Tsy sakana ho an'ireo mpitondra "taxi-bicyclette" hiasa ny sakantsakana sy fandrahonana ataon'ny manam-pahefana azy ireo.



Efa izao sahady ny fitohanan'ny fiara nefa tsy tonga akory ny fetin'ny paka.



Nosantarina tamin'ny fizarana fanomezana ny fijoroan'ny "Fondation Mohammed VI des Oulema Africains" eto Madagasikara omaly.



Nanotrona ny fijoroan'ny "Fondation Mohammed VI des Oulema Africains" eto Madagasikara, omaly ny ambasadin'i Maraoka sy ny manam-pahefana isan-tsokajiny teny Talatamaty.

## Sarisary zary tenany

**'nareo**




## Hatsikana an-tsary

**Mivonona**




## Masoandro Miposaka

**JAONA 3 : 31-32**


**Ary izaho tsy nahalala Azy; fa mba haseho amin'ny Isiraely Izy, izany no nihaviako manao batisa amin'ny rano. Ary Jaona nanambara ka nanao hoe: Izaho nahita ny Fanahy midina avy any an-danitra tahaka ny voro-mailala ka nitoetra teo amboniny.**

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Voay latsa-dremby ; mivovo izay nahasampona.**

Un caïman qui a laissé tomber sa proie ; il aboie après ce qui était à son chemin.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3203**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 7 | 3 | | | | | 6 | | |
| 4 | | 8 | | 1 | 2 | | 9 | |
| | | | 6 | | | | | |
| | 9 | | | 2 | | | | 8 |
| | | | | | | 5 | | 3 |
| 1 | | | 4 | | | 7 | | |
| | | | 8 | 9 | | | | 1 |
| | 5 | | | | | | | |
| 8 | | 4 | | 6 | 7 | | 3 | |

Valin'ny laharana **3202**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 4 | 7 | 8 | 9 | 2 | 1 | 6 | 5 | 3 |
| 9 | 5 | 3 | 6 | 8 | 7 | 1 | 2 | 4 |
| 1 | 6 | 2 | 3 | 4 | 5 | 8 | 7 | 9 |
| 5 | 3 | 7 | 4 | 9 | 8 | 2 | 6 | 1 |
| 2 | 1 | 4 | 7 | 5 | 6 | 3 | 9 | 8 |
| 8 | 9 | 6 | 2 | 1 | 3 | 7 | 4 | 5 |
| 3 | 4 | 5 | 1 | 7 | 2 | 9 | 8 | 6 |
| 7 | 8 | 1 | 5 | 6 | 9 | 4 | 3 | 2 |
| 6 | 2 | 9 | 8 | 3 | 4 | 5 | 1 | 7 |

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Mety ho fantatrao ve ny fahasamihafana misy amin'ny toerampampianarana sy ny fiainana diavina ?
Any an-tsekoly dia ianarana avokoa aloha ny lesona voazara, avy eo mandalo fisedrana.
Ny fiainana indray, mandalo aloha ny fitsapana sy ny karazan-tsedra tsy hay fafàna, avy eo vao misintona lesona, ka tsy iverenana intsony izay nanimba tamin'ny la sa sy izay lalana nandratra. "
Ny Vetso (13.10.16)
("Connaissez-vous la différence entre l'école et la vie? A l'école, on apprend d'abord la leçon, puis on est mis à l'épreuve. Dans la vie, on est d'abord mis à l'épreuve et après on apprend la leçon.")

Soavinandriana Itasy

## Fatin-dehilahy hita tao anaty bozaka

Lehilahy tokony 26 taona no hita faty tao Soavinandriana faritra Itasy tamin'ny alatsinainy lasa teo. Ankizy nilalalao no nahita ny razana tao anaty kirihitr'ala. Nampandre ny mponina avy hatrany io ankizy io. Rehefa natao ny fanadihadiana sy ny fizahana ny razana dia fantatra fa mponina eny an-toerana ihany ity hita faty ity. Araka ny fizahana natao ihany koa dia feno ratra ny vatany. Tsy isalasalana araka izany fa maty nisy namono ity lehilahy ity. Mandeha ny fikarohana ny nahavanon-doza .

**Rablaise**

Bemahatazana

## Misesisesy ny fanafihana

Mitaraina ny mponina any amin'ny fokontany Ambotofotsy, kaominina Bemahatazana, distrikan'i Tsiroanomandidy, fa misesisesy ny fanafihan- dahalo any an-toerana. Saika ho isan-kalina dia tonga manafika sy mampihorohoro ny mponina hatrany ireo dahalo . Raha tsy hilaza afa-tsy tamin'ny alarobia lasa teo dia dahalo maromaro mitondra basy sy fitaovam-piadiana no nanafika tao amin'io tanàna io. Lasan'izy ireo ny omby miisa 27.Tsy misy sahy mivoaka ny trano intsony ny mponina noho ny tahotra, satria raha vao mivoaka dia tifirin-dry zareo avy hatrany. Noho izany dia mandry tsy lavo loha ny vahoaka ka manao antso avo amin'ny tompon'andraikitra mba hijery ifotony ny zava-misy any an-toerana.

**Rablaise**







**Gazetiko**

Novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :**
Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :**
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :**
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :**
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél : 038 34 344 34
Fax. 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
D.L.I : 16 600 - 03 - 24
Isan'ny natonta : 25 000


**Nahandro**

### Lasopy trondro amin'ny legioma

Zavatra ilaina : nofon-trondro, mety na trondro lena na maina ½ kg, poavrao maitso 3, poavrao mena 3, tongolo be, oliva mainty 10, ditâ, romarin, menaka, sira sy dipoavatra

Fikarakarana azy : sasao dia diovy tsara ny poavrao ka teteho roa dia tsoahy ny voany. Teteho manify lavalava. Voasy sy teteho manify koa ny tongolo be. Hafanao ny menaka anaty lapoaly dia arotsahy ao ny tongolo be sy ny poavrao ka ataovy kely ny afo. Tsihifo dia ampirimo ho an'ny ampitso.

Ny ampitso, alao ny trondro dia teteho madinika ka alaharo miaraka amin'ny legioma, mety na lafaoro na amin'ny afo malefaka, dia andrahoy. Rehefa masaka dia ataovy mety ny sira sy dipoavatra. Ampio oliva. Hanina mafana misy rony ka azonao hanina amin'izao na amin'ny vary.

## MANAMPY ANAO

**Permanences**
**16 mars au 22 mars 2024**

PHARMACIE DE GARDE

ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

- 67HA - face Eglise Luthérienne - 020 22 253 61
- VOLAHANTA - Anosibe près du rond point vers Soanierana - 020 22 355 09/034 24 334 86
- NANISANA - Nanisana Iadiambola arret bus sapin 032 03 520 29/034 05 750 29
- AMBANIDIA - 020 22 255 50/033 05 255 50
- MAHAVOKY - Andravoahangy 020 22 255 51/ 034 89 056 09
- IARIVO - Analakely en face Institut d'hygiène sociale 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06

PÉRIPHÉRIE d'ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
Grazia - Itaosy- 034 67 733 62
Anosizato - 020 22 631 43
Ambohibao - 020 22 482 64
Avaradrano - Analamahitsy- 020 22 423 65
Amboditsiry - 020 22 528 21 - 033 01 551 31 - 034 36 580 94
Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51
Hasin'ny Aina - Mandroseza- 034 99 776 21
Ivato - 020 22 442 95
Ambohidratrimo - 034 29 358 45
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64
Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
Ambohimangakely - 034 25 372 52
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy- 034 33 161 75
Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
Amoronakona By Pass - 034 36 115 15
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
Abondance - Ifarihy Ankaraobato - 034 75 214 36
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
Soa Ny Aina -Tsarahonenana - 034 31 018 20
MA Pharmacie - Ambohijanaka - 032 11 102 11
Ankaraobato en face CSBII - 034 64 330 62

A.M.I.T.

BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
ANTANIMENA TEL 22 303 86
TALATAMATY TEL 22 588 51
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

AMBULANCE

- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA TEL: 0349023555 / 0334823555
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 / 033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24 TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
- CDU (Centre de diagnostique et d'urgence médical) TEL 22 329 56/ 032 07 822 28/ 033 11 822 28
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO TEL 033 11 313 85
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
- AMBULANCE ET URGENCE CRTM-01 - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

## TELEVIZIONA

MA TV MADAGASCAR

06.00 : Oran'ny fanantenana
06.30 : Salama va
08.00 : Dessins animés
09.45 : Full Sport ®
10.00 : Film
12.00 : Météo
12.05 : A votre santé
12.30 : NEWS du 12H30
12.45 : VAOVAO 13H00
13.00 : A votre santé
14.00 : Film Jeunesse
16.00 : JOURNAL INTERNATIONAL
16.45 : Full music
17.00 : Dessins animés
17.15 : Royal Chapel
17.55 : Full Sport
18.10 : Ny Vehivavy
19.00 : Les infos de Ma-TV
19.10 : Série
19.30 : NY VAOVAON'NY MA-TV
20.30 : Film Action
23.00 : Journal international
23.45 : Film Romantique
02.00 : Documentaire
04.00 : Ny Vaovaon'ny Ma-TV ®
04.30 : Série ®
05.00 : FAM ®
06.00 : Oran'ny fanantenana

K

06.00 : Musique
06.15 : So COOL
08.15 : Série
08.45 : Mozika
10.00 : Shopping TV
10.30 : Série
11.00 : Mozika
12.00 : Série
12.15 : Instafun
13.15 : Jv News ®
14.10 : Mecamag ®
14.30 : That's Hit
15.10 : Mozika
16.50 : Smiling Time
18.00 : After
19.25 : Le Journal
20.00 : NyVaovao
20.50 : Ankitsipo
21.50 : Cinéma
23.50 : NyVaovao ®
00.30 : Cinéma
02.00 : Bonne Nuit avec KOLO TV

RECORD TV

05.30 : Réveil de la foi
06.00 : JOURNAL ®
06.30 : LA MATINALE
08.00 : DIVERTISSEMENT / DOC / DESSINS ANIMES / MAGAZINE
08.30 : TOI MON AMOUR ®
09.25 : MAGAZINE ET DESSINS ANIMES
10.30 : I-VAOVAO
12.30 : ASINTADO ®
13.10 : Hirantsika
14.30 : TOI MON AMOUR
15.30 : FILM
17.00 : Destination Malagasy
19.00 : J.RECORD
19.45 : ASINTADO
20.30 : ALEO RESA-HANA ANAO NY SEHATRA
21.00 : PAROLE DE VIE
21.15 : FILM
23.00 : FILM
00.30 : FRANCE 24

VIVA

01.30 : Film
03.06 : Film
04.36 : Clips : Misy Raha ®
05.06 : Journal : Viva Évènement VM ®
05.48 : Culte : Tsara taiza
05.53 : Information : Minute Fihariana ®
05.56 : Clips : Chritian music
06.00 : Viva Prod : Viva Réveil
07.30 : Viva prod : 6 à 8
08.00 : Viva Prod : Viva Futbol Masters
08.13 : Série Act Av Po : Série ARROW
08.59 : Série : Série Star Wars. The Clone Wars
09.22 : Série : Série Parks and Recreation
09.52 : Série : Série MR and Mrs Smith ®
10.42 : Film
12.08 : Série k-drama : Série Crash Landing On You ®
13.18 : Viva Prod : LALANA ®
13.28 : Clips : Misy Raha
13.58 : Film
15.54 : Sport : Top Chrono ®
16.20 : Série k-drama : Série Crash Landing On You
18.30 : Viva Prod : Game in ®
19.03 : BET 261
19.30 : Viva Prod : Viva Évènement VM
20.10 : Viva Prod : Viva Futbol Masters
20.30 : Viva Prod : Viva Évènement VF
20.50 : Talk-show : DATA
21.22 : Film nouveautés : Film
23.17 : Viva Prod : Viva Évènement ®
23.57 : LE FEELING DE TOUTES LES GÉNÉRATIONS

*****************

## TELEFAONINA ILAINA

HOPITAUX ET CLINIQUES

- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55
- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMANANDRAIBE - IMMEUBLE RALISON -ANTANIMENA - OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIC TEL 23 397 51
- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO ANALAMAHITSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 034 71 394 95 / 034 45 076 23 - MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE TOXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 / 033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64
- TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)
- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94/ 033 11 058 00
- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82
- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY TEL 033 16 028 62
- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)
- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CENTRE MEDICAL COLISEUM TEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24H/24)

ESPACE MEDICAL / SOS Médecins

- AMBODIVONA TEL 22 625 66/ 034 02 088 16/ 034 02 00 911

CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL

- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32/ 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60

AROVY CLINIC

ATRIUM ANKORONDRANO
Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)

POMPIERS

- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76

POLICE SECOURS - GIR

- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117

COMMISSARIATS

- 1er ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2e ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46
- 3e ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30
- 4e ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5e ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48
- 6e ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52
- 7e ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8e ARRONDISSEMENT ANALAMAHITSY CITE TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22

## TSIPAKA

Irony fehinkibo lehibe irony no hatolotra izay mpandresy mandritra ilay fifaninanana iraisam-pirenena, tanterahina eto Madagasikara amin'ny 31 martsa izao.

### Tohizo !

Ny " Pancrace " no nisantatra izany ho antsika eo amin'ny taranja haiady. Tsy mora no nanamboatra izany, raha ny nambaran-dry zareo mpitantana ity vaomiera ity, izay tsy mbola federasiona aloha hatreto. Maninona tokoa moa izy ireo no mahavita toy izany, satria dia eo aloha ny fitiavana ilay taranja, mba handroso sy hivoatra ary ho lasa lavitra. Eo koa ny fanomezana fampirisihana ny mpiady, hahatonga azy hanao izay fara-heriny handrombahana itony fehikibo lehibe itony. Manentana ireo taranja haiady hafa ihany koa mba hiditra amin'ny sehatra toy izao. Tsy atao sakana mihitsy ny tsy fahampian'ny hoenti-manana. Mila resendahatra amin'ny hatsaran'ny kaliton'ny ady sy fikrakarana fifaninanana iraisam-pirenena fotsiny ny olona, ka inoana fa ny mpanohana indray aza no handondombaravarana any amin'ny mpikarakara amin'izay. Mazava ho azy fa samy hahazo tombony avokoa ny rehetra, ka ny mpikarakara afa-po amin' ny fikarakarana, ny mpanohana hiseho sy fantatry ny olona ny momba azy ary ny farany dia ireo mpiady no higoka tombony be indrindra, satria dia izy ireny no tena mpisehatra sy antom-pisian' ilay fifaninanana ka mba tsy ho " coupe " intsony tokoa no hameno ny trano, fa mba fehinkibo lehibe indray manomboka izao.

**Rabenaivo**

" Pancrace " - Ady Iraisam-pirenena

# Fehinkibo 10 no iadivana etsy Mahamasina




**Efa vonona tanteraka ny mpikarakara fa miandry ny mpanohana sisa.**

*Miisa 35 no solontenantsika amin'ity hetsika ity.*

Herinandro mahery kely sisa dia higadona ny fotoana hanatanterahana ilay ady iraisam-pirenena, ho an'ny taranja haiady « Pancrace » sy K1. Nambaran'ny mpikarakara, Commandant Mely Zafindranaivo, filohan'ny kaomisiona malagasin'ny « pancrace et submission » omaly tetsy Betongolo, fa efa anatin'ny fanomanana ny fandraisana ireo vahiny izy ireo. Na izany aza dia tsy manao ambanin-javatra ny fanomanana ireo mpiady malagasy, fa efa iray volana no nikotrana. Amin'ny maha hetsika iraisam-pirenena azy dia handray anjara ny Renioney, Maorisy, Seychelles ary Mayotte. Ho antsika manokana, miisa 35 ny mpiady hiaro ny voninahi-pirenena, ahitana mpanao « pancrace » sy K1. Tsy handray anjara kosa ny eo amin'ny Muay-thai. Ho an'ny « pancrace » manokana dia ady fehinkibo no hitranga, izany hoe mahazo fehinkibo toy ny any ivelany ireny ny mpandresy. Miisa 10 izany fehinkibo izany, ary efa nasehon'izy ireo omaly ny santionany. Ireo « Classe A » no hiady amin'ity saingy nangatahan'ireo vahiny ihany koa ny hisian'ny ady ho an'ny « classe B ». Ho an'ny K1 indray dia hisy ady iraisam-pirenena 6 ka hisy vehivavy roa solontenantsika amin' izny, izay efa nahazo medaly volamena nandritra ny Lalaon'ny Nosy teo iny. Nisaotra sahady ireo rehetra efa nanolo-tanana ny mpikarakara, miantso hatrany kosa ireo rehetra, izay mbola afaka manampy, satria dia mila hoenti-manana lehibe ny fampiantranoana ity hetsika iraisam-pirenena ity. Efa nisy moa ny fanofanana ny mpitsara sy ireo mpiady, amin'ny fiovana fitsipika « frappe au sol » eo amin' ny « pancrace ». Nohamafisin-dRmatoa Claudi, tomponandraikitry ny lafiny fitsarana anivon'ny « Pancrace » fa tsy mitovy amin'ny MMA akory izany.

**Rabenaivo**

" Motor show 2024 "

# Efa mahatratra 180 ireo mpampiranty nisoratra anarana

Hatramin'ny alarobia lasa teo, efa mahatratra 180 ny isan'ireo nisoratra anarana, hampiranty ny fiarany mandritra ilay « Motor show ». Marihina fa ny 30 sy 31 marsa izao no hatao etsy amin'ny toerana malalaka fiantsonan'ny fiara ao amin'ny kianja Barea izany hetsika izany. Nandritra ny fampahafantarana ny fizotrany tetsy amin'ny efitrano fivoriana ny kianja Barea afakomaly no nilazan'i Tojo Ranaivo, mpikarakara, fa natao hanangonam-bola hanampiana ireo ankizy marary eny amin'ny hopitaly eto an-drenivohitra izany, ka miisa 3 ireo toeram-pitsaboana efa nohatonin'izy ireo, dia ny HJRA, « hopital des enfants » Tsaralalàna sy ny eny Ambhimiandra. Avy hatrany dia hatolotra an-tanana an'ireo Ray aman-dRenin'ilay ankizy marary ny vola, ka hatao mangarahara tanteraka. Nampanantena hetsika miavaka miaraka amin'ny seho mahafinaritra moa ireto mpikarakara ireto, ka anisan'izany ny fanamafisam-peo eny an-toerana, ireo sangany amin'izany no hiandraikitra azy. Eo koa ireo mpikosoka kapila, izay samy kalaza hanafana ny hetsika. Efa hisy toeram-pisakafoanana ihany koa ho hita eny an-toerana mandritra izany. Nanome toky ihany koa ny mpikarakara, ny amin'ny fandriam-pahalemana mandritra ny 2 andro, ka mpitandro ny filamanana an-jatony mihitsy no hisahana izany. Afaka maka sary amin'ireo fiara miranty ny mpitsidika, saingy tsy mahazo mikitika. Hiavaka rahateo ny fandaharana ny fiara, izay nalahatra araka ny lohahevitra, ka ireo mitovy marika no mifanakaiky. Hisy karting, fampisehoana fahaizana mitaingina bisikileta ary toerana hilalaovan'ny ankizy eny, ho fanomezana fahafaham-po ireo mpitsidika.

**Rabenaivo**




**Nampanantena hetsika goavambe ireto mpikarakara ireto. (Sary : Kelly R.)**

## PASI PASI

Ndremanambina Jeanne Phirobine

# Nanara-dia nibata fonjamby toa azy koa ireo zanany roa

*Ny fianakaviana mpibata fonjamby indray no vahiny hampahafantarana antsika eto amin'ny PASI-PASI anio.*

***Gazetiko :*** Anaranao feno.

***NJP :*** Ndremanambina Jeanne Phirobine.

***Gazetiko :*** Firy taona ianao, dia mbola mibata fonjamby ve ? Ao amin'ny klioban'iza ?

***NJP :*** 36 taona.

***Gazetiko :*** Nanomboka firy taona ianao no nibata fonjamby ?

***NJP :*** Nanomboka 2005, izany hoe 19 taona.

***Gazetiko :*** Firy ny zanakao ? Iza avy ? Dia mibata fonjamby daholo ve ?

***NJP :*** Telo ny zanako, voalohany dia Randriamialimanana Nantenaina Julia Andy(14 taona), mibata fonjamby . Ny faharoa dia Randriamialimanana Nomeny manambina Annie (11taona) dia mpibata fonjamby, ary ny fahatelo dia Randriamialimanana Kemba Nomeny Annah(5 taona)

***Gazetiko :*** Noterena sa efa tao anatin'ny ràn'ireo zanakao ny fibatana fonjamby ?

***NJP :*** Mazava ho azy fa efa tena anaty ràn'izy ireo izany fibatana fonjamby izany.

***Gazetiko :*** Efa nisy voantso handrafitra ny ekipam-pirenena ve ny zanakao ?




***NJP :***Mbola tsy nisy voantso handrafitra ny ekim-pirenena ny zanako fa kosa efa nandray anjara tamin'ny fiadiana ny tompondakam-paritra sy tompondakan'i Madagasikara ary efa nahazo medaly volamena foana.

***Gazetiko :*** Ahoana izany hoe miaraka manao spaoro ianareo mianakavy

***NJP :*** Mahafinaritra sady mampitombo ny firaisan-kina sy fifandraisan'ny ato an-trano koa.

***Gazetiko :*** Ankoatra ny fibatana fonjamby, inona no fialambolinareo mianakavy ?

***NJP :*** Ankoatra ny fibatana fonjamby dia mandihy sy milalao basketball no ataonay.

***Gazetiko :*** Fanentanana ataonareo ho an'ny fianakaviana mba hanao spaoro.

***NJP :***Tsara ny manao spaoro. Aleo tezaina anaty fanatanjahantena ny ankizy mba tsy hanaotao foana sy hivoana amin'ny tsy tokony hatao, sady mampitombo ny firaisankina ao anatin'ny tokantrano ihany koa.

**Rabenaivo**

## SONGADINA

Radson Hariliva Mandresy

# Tifi-davitra 10 no vitany tamin'ny fifaninanana " Smatchin "

Anisan'ny angady nananana sy vy nahitan'ny ekipan'ny U-MAGIS tamin'ny fandrombahana ny amboara, nandritra ny fifaninanana " Smatchin", teny amin'ny lapan'ny fanatanjahantena sy kolontsaina Mahamasina, izay natokana ho an'ny mpianatra tamin'ny ambaratonga ambony, ny tifi-davitra nahazoana isa telo matetika nataon'i Hariliva Mandresy Radson, mitondra ny laharana faha-13 ary mitana ny toeran'ny " Poste 2 – 3 " amin'ny filalaovana taranja basket-ball. Raha natambatra ny tifi-davitra vitany tamin'iny fifaninanana iny dia nahatratra 10. Ao anatin'ny fanatanterahana ny " money time " hatrany no nanaovany an'izany tifi-davitra tany amin'ny 6 metatra izany, izay nampivalaketraka tokoa ny mpifanandrina taminy ka nahazoan'ny ekipany fandresena. Manginy fotsiny ny fahaizany "mamaky" ny vodirindrin'ny mpifanandrina taminy. Araka izany zavabitany izany dia niaiky ary nipao-tsatroka tamin'ny fahaiza-manaon'ity mpilalao irakiraky ny Fandrefiala Antananarivo ity ny ankamaroan'ny " "basket-ball.



**Nofinofiny ny nibata amboara eran-tany !!!**

**Niova taranja**

Na dia mpilalao sady tomponandraikitra tamin'ny fitantanana klioba-na basket-ball aza ny fianakavian'i Hariliva, dia tsy nirona tsara tamin' izany taranja izany ny sainy. Amin'ny maha mpianatry ny sekoly Masina Misely Amparibe ny tenany, izay nalaza tamin'ny filalaovana baolina kitra fahiny, dia naleony nisafidy nianatra an'ity taranja ity, tao amin'ny klioban'ny Tana Formation, fony izy mbola 9 taona. Teo amin'ny faha-11 taonany anefa no naharesy lahatra azy ka nanaovany basket-ball, taorian'ny nijereny fihaonana tamin'ity taranja ity, teny amin'ny kianjan'ny Sainte Famille Mahamasina. Niteny tamin'i Me Cyrille Rasoloarijaona, anadahindreniny, Emilie Bernadette Razafindrasoarijaona, vadin'i Me Radson Solo (ex-Bâtonnier), ny tenany fa hianatra basket-ball, ary nekeny soa aman-tsara. " *Tena tsy nahay nilalao basket-ball mihitsy ny tenako. Na dia mitifitra aza dia tany ambanin' ny harato no nalefako ny baolina ( kkkrrr )* ". Ankoatra ny dadatoany dia anisan'ny nampivelatra ny fahaizany haingana ny fampianarana nataon'ny mpanazatra Andry Rakotomanantsoa, na i " *Me Sexy* ". Anisan'ny noezahina nianarana mafy ny toeran'ny " *ailier* ", ankoatra ny fitifiran-davitra. Tsy nataony ambanin-javatra ihany koa anefa ny famehezana ny " *pivot* ", noho ny fananany halavana sy ny fahaizany mitsambikina ambony be ilaina amin'izany toerana izany, hanaronana ny " *adversera* ". Marihina fa amin'izao faha-19 taonany izao dia mahatratra 187 sm ny refin'ny halavany. Marihina fa anisan'ireo nantsoina nanatevin-daharana ny ekipam-pirenena Ankoay, niatrika ny fiadiana ny tompondaka eran-tany teo amin'ny latsaky ny 15 taona tany Hongrie ny tenany. Taorian'ny fanapahankevitry ny tekinisianin'ny federasionina farany anefa, dia tsy tao anatin'ny lisitr'ireo mpilalao niaro ny voninahipirenena tamin'izany fifaninanana izany i Hariliva. " *Tsy nataoko nahakivy ahy izany fa vao mainka nampiezaka tamin'ny fianarana basket-ball* ".

**aris rafaly**



**Nanantombo tamin'ny fahaiza-miaraka ny mpilalaon'ny U-MAGIS.**

Lalao Afrikanina 2024 - Andiany faha 13

# Votsotra ny medaly volamena tamin'ny " Rugby à VII " vehivavy

Rava ny nofinofin'ny Makis de Madagascar vehivavy amin'ny filalaovana " Rugby à VII " fa nomontsanin'i Ouganda tamin'ny isa mavesatra 29 no ho 0, teo amin'ny lalao farany nifanaovan'ny ekipam-pirenena roa tonta, izay miendrika lalao famaranana tokoa tamin'ity fifaninanana ity. Araka ny voka-dalao azony rehetra dia mitana ny laharana faharoa ry Claudia Rasoarimalala (kap) sy ny namany, izay nanao ny tratry ny heriny fa sendra ny ogandeanina maozatra. Nandrombaka ny medaly volamena i Ouganda, manana isa 12, izay efa anisan'ny ekipa lasa lavitra aty Afrika amin'ny filalaovana baolina lavalava. Aorian'i Madagasikara kosa i Tunisie (6), nahazo medaly alimo, sy Ghana (6) ary Nigeria (1). Tsiahivina fa teo amin'ny hazakazaka 100 metatra misy fefy dia medaly volafotsy koa no azon'i Sidonie Fiadanantsoa (13 seg 19), taorian'ilay Nigerianina Amusan Oluwatobiloha (12 seg 89) nandrombaka ny medaly volamena, ary fahatelo nisalotra ny medaly alimo ilay teratany zimbaboeanina Kamangirira Ashley (1" seg 59). Mitombo hatrany izany ny medaly volamena azon'ny Malagasy. Manantena ny vokadalaon'ny Ankoay zazalahy amin'ny taranja « FIBA 3x3 » ny mpanaraka an'ity lalao andiany faha-13 ity.


**aris rafaly**

Kitra - FOSA Juniors

# Baolina 4 monja no tafiditra tamin'i Haja

Tamin'ny lalao dimy vitan'ny ekipan'ny Fosa Junior, nandritra ny lalao fifanintsanan'ny " *Pureplay Football League 2023/2024* " ao amin'ny " *Conférence Nord* ", dia baolina 4 ihany no nanamontsana ny harato nambenan'i Hajaniaina Randriamanampisoa, raha 18 no efa tafiditr'ity ekipan'i Boeny ity. Tsara fototra tamin'ny fiandrasana tsatoby i Haja, novolavolain-dry Me Balisama tao anatin'ny sekolin'ny CFSL teny Bevalala, ary manginy fotsiny ny filalaovam-baolim-pokontany teny Ambavahaditokana Itaosy nonenany. Nifindra lasy tao amin'ny Fosa junior, niatrika ny fifaninanana tamin'ny sokajy latsaky ny 17 sy 20 taona. Nanamafy ny klioban'ny Ajesaia tamin'ny fiatrehana ny " *Orange Pro League* ", ary dia izao niverin-dàlana any amin'ny ekipan'i Boeny izao indray, miaraka amin'i Rijaniaina Nicolas zokiny, miaro ny faritra misy ny vodilaharana. Mananika ny faha-19 taonany izy amin'izao fotoana izao, mirefy 1,82 metatra. Azo lazaina fa andry iankinan'ny Fosa Junior i Haja, izay omen'ny mpanazatra Franck Rajaonarisamba fitokisana amin'ny maha tompon-toerana azy hatrany. Fony mbola kely izy dia vodilaharana afovoany, na any amin'ny elatra havanana no nataony. Nandritra ny fiatrehana ny fifaninanana tamin'ny " *Tournoi Orange Kitra* " no niovany tamin'ny toeran'ny mpiandry tsatoby. Nambarany fa tsy nisy nisahana izany toerana izany dia notendren'ny mpanazatra azy ny tenany, nitana an'izany andraikitra izany. Nanomboka hatreo ka mandraka ny ankehitriny dia nisafidy ny toeran'ny " *goal keeper* " ny lehilahy. Tsy vaovao amin'ny tontolon'ny baolina kitra ny fianakaviany. Telo mirahalahy no nateraky ny ray amandreniny, izay samy mpiondana kitra avokoa, fa ny zokiny lahimatoa Tsiriniaina irery ihany no variana amin'ny baolim-pokontany. Ny rainy dia mpiandry tsatoby koa tamin'ny fahatanorany, ary ny reniny dia toraka izany ihany koa ny toerana nisy azy, saingy tany amin'ny taranja hand-ball.

**aris rafaly**


**Mbola manana ny hoaviny mamiratra izy.**

## TENY ATSIPY

Manoloana ny famerenana sy fanaovana tolotra vaovao, nambara omaly tetoana, dia misy ianareo mpamaky no manontany, raha handoavam-bola ny famoahana azy ireny an-gazety na tsia. Valin-teny tsotra no asetrinay mpanoratra tomponandraikitra an'izany. Anjara biriky entinay hampiroboroboana ny taranja ara-panatanjahantena ny nanaovana ny PASI PASI – TSARA HO FANTATRA - SONGADINA – TSIPAKA – TSIAHY / TSIARO fa tsy misy handovam-bola (gratuit). Araka ny fampanantenana nataonay, dia afaka manoratra na miantso ny tomponandraikitry ny fanoratana taranja ara-panatanjahantena, izay manam-paniriana hamoaka ny momba azy.